Hebreo, Toko Fahefatra

. . .dia ny mahafantatra betsaka ny amin'ny Tompontsika finaritra. Ary izany no—no tanjontsika amin'ny fiangonana eto, dia ho an'izany tanjona izany, ary, ankehitriny, ary ny hivavaka ho an'ireo zanak'Andriamanitra marary. Ary aninkeo maraina isika dia nanana fi—fitahiana mahafinaritra iray avy tamin'ny Soratra.

2 Miezaka isika ny maka, isaky ny fotoana, ampahany iray an'ny. . .Mampianatra ao amin'ny Bokin'ny Hebreo aho, efa nampianatra, nandritr'ireo herinandro vitsy farany ankehitriny. Ary ankehitriny, raha sitraky ny Tompo, dia hanohy isika ny Alarobia hariva, avy eo dia ny Alahady maraina sy Alahady hariva, manohy, raha mbola eto foana aho amin'ity fotoana ity. Tsy fifohazana iray, saingy fifohazana ilay izy, fivoriana iray amin'ireo harivantsika mahazatra. Ary noho izany isika dia tena, tena faly ny manana an'ity fotoana ity hihaonana amin'ireo sakaizantsika tsara manodidina ny tanàna, ary manodidina ny Falls Cities eto. Ary raha—raha sendra hanana fanafoanana iray isika na tahaka an'izany, dia angamba ny Tompo no mety hitarika antsika, tsy ho ela, any. . .angamba mety hanana hariva vitsy isika, angamba, ao amin'ilay kianjan'ny fanatanjahan-tena na tahaka an'izany, afaka fotoana fohy, raha toa ka tahaka an'izany no hitarihan'ny Tompo, ho any amin'ny toerana iray izay ahafahantsika manangona ny olontsika miaraka.

Ary hitanay ireo olona izay tonga, niverina, nanao hoe, "Tsy misy efitra mba—mba hidirana." Mazava ho azy, tena kely mihitsy ny tabernakla. Izy dia mametraka fotsiny olona tena, tena vitsy, ary faly fotsiny izahay fa manaiky ny ho tonga ianareo ka hipetraka ao amin'ny hafanana, mba handre ny Tenin'ny Tompo. Ary mivavaka izahay mba hitahian'Andriamanitra anareo betsaka, mihoatra sy hanampy anareo.

3 Ary ankehitriny, izao hariva izao, dia tiantsika, hanomboka amin'ny faha-4-n'ny tok-. . .Firy no teto aninkeo maraina? Aoka ho hita ny tànanareo. Oh, mahafinaritra izany, saiky ianareo rehetra. Ary isika dia eo, manomboka eo amin'ny, ny toko faha-4-n'ny Bokin'ny Hebreo. Oh, Boky iray mahafinaritra toy ny inona! Ankasitrahanareo ve Izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ary mampitaha ny Soratra amin'ny Soratra izany.

4 Ary Paoly, talohan'ny hany nijoroany vavolombelona ny amin'ny fahatsapany, dia tsy maintsy nandeha nankany Arabia izy aloha ary nahita, tamin'ny alàlan'ny Teny raha izany no Fahamarinana. Tiako izany. Ary io leson'ny aninkeo maraina io, dia hitantsika, tao amin'ny fampianarana aninkeo maraina,

fa Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Ary hitan'i Paoly fa ilay Andry Afo iray ihany izay nitarika ny zanak'Isiraely, no nihaona taminy teny amin'ny làlana nankany Damaskosy. Hitantsika fa ilay Andry Afo, izay nitarika ny zanak'Isiraely tany an-efitra, ho any amin'ilay tany nampanantenaina, no nihaona tamin'i Paoly teny amin'ny làlana nankany Damaskosy, ka niantso ny Tenany hoe, "Jesosy."

5 Avy eo dia hitantsika ilay tena maha-Andriamanitra faratampony an'i Jesosy Kristy. Ny Boky manontolo eto dia fanambaran'i Jesosy Kristy fotsiny. Ary tonga Izy, hitantsika fa, "Tamin'ny fotoana samihafa sy tamin'ny fanao samihafa, Andriamanitra dia niteny tamin'ireo razana tamin'ny alàlan'ireo mpaminany; amin'izao andro farany izao dia amin'ny alàlan'Ny Zanany, Kristy Jesosy, nanambara ny Tenany Izy." Ary ny Boky manomboka amin'ny Genesisy hatrany amin'ny Apokalypsy dia tsy inona fa fanambarana tsy ankitsahatra, mandrakizay, an'ny Tompo Jesosy.

6 Ary hitantsika fa Izy no ilay Anankiray izay tao anatin'ilay roimemy nirehitra. Hitantsika fa Izy no ilay Anankiray izay niaraka tamin'Andriamanitra talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Ary hitantsika fa, tao amin'ny Testamenta Vaovao, Izy dia Andriamanitra sy Olona, miaraka. Ary avy eo rehefa niala tamin'ny Testamenta Vaovao Izy, mba handeha any Andanitra, dia hoy Izy hoe, "Avy tamin'Andriamanitra Aho, ary hiverina amin'Andriamanitra Aho."

7 Ary avy eo rehefa nihaona Taminy i Paoly, dia tao amin'ilay endrika iray ihany izay nisy Azy fony Izy nitarika ny Isiraely Izy, Andry Afo iray. Ary nijery Azy nifanatrika mihitsy i Paoly, tsy mbola niova fo, ary izany no nahatonga azy nanana areti-maso tamin'ny androny sisa. Lasa jamba izy, ary nandritry ny andro maro dia tsy afaka nahita na inona na inona mihitsy izy. Tsy maintsy notarihina nankeo amin'ny làlambe iray nantsoina hoe Imahitsy izy.

8 Ary nanana mpaminany iray Andriamanitra tany izay Niresahany, tamin'ny anarana hoe Ananiasy, izay tonga, tamin'ny alàlan'ny fahitana iray, ka nametraka ny tànany teo amin'i Paoly, ary nanao hoe, "Rahalahy Saoly, raiso ny fahitanao."

9 Ary hitantsika, avy eo, fa ilay Fanahy Masina iray ihany, ilay Tompo Jesosy iray ihany, no tonga teo amin'i Petera tao amin'ny endrika Hazavana iray ka nanafaka azy avy tao antranomaizina.

10 Ary hitantsika fa ilay Tompo Jesosy iray ihany, tamin'ireo andro ireo, dia mbola ao anatin'io Andry Afo (Hazavana) io foana izay mitarika ny Olony (Ny Fiangonany), manao an'ilay zavatra iray ihany, manome an'ireo fahitana; tonga ary mametra-tànana eo amin'ny olona, amin'ny alàlan'ny fahitana

iray. Ny Tompo Jesosy, Izay nihaona tamin'ny Alahady maraina lasa tany an-trano, ka nanao hoe, "Hisy lehilahy iray ho tonga, mainty volo, miha-fotsy. Grika iray izy. Ny vadiny dia eo amin'ny antenantenan-taona, ary hitomany eo amin'ny alitara."

11 Ny sasany tamin'izy ireo no niteny an'izany, ary nahafantatra fa hitranga ilay izy. Sady kilemaina izy, ny—ny hozatry ny fifandanjany ao amin'ny lohany dia lasa. Tsy afaka mifehy akory ny tongony na ireo rantsam-batany akory aza izy. Ary jamba izy. Koa mba hanaovana porofo roa an'izany: dia nangataka ramatoa kely iray aho ho avy hivavaka ho an'ny marary, aloha, avy eo dia nitodika ka nangataka an-dRahalahy Thom ho tonga mba hivavaka. Ary isika, nipetraka teto, nandinika an'izany nandroso. Ary avy eo dia nidina aho ka nivavaka ho an'ny marary, ary niverina. Dia tonga izy, arak'ilay fahitana marina tokoa, ka nandray ahy tamin'ny sandry ary nanomboka nitomany, ary nilaza fa Dr. Ackerman no naniraka azy ireo teto. Dr. Ackerman dia sakaizako akaiky, Katolika. Ny zananilahy dia pretra iray ao amin'ny monastera any—any Saint Meinrad, ary any Indiana any. Ary io lehilahy io dia avy any Jasper. Ary nanasitrana azy ny Tompo, nivoaka avy tamin'io seza io. Nitsangana izy ary namindra. Afaka nahita tsara tahaka ny olon-kafa rehetra izy. Dia nivoaka ny tranobe izy, ara-dalàna sy salama. Ny rehetra dia tamin'ny alàlan'ny fahitana iray!

12 "Rahalahy Saoly, ny Tompo Jesosy izay niseho taminao teny an-dàlana, no naniraka ahy mba hametraka ny tànako eo aminao, mba hahazoanao ny fahitanao sy ho feno ny Fanahy Masina." Mahafinaritra.

13 "Noho izany dia hitantsika, satria manana an'izany famonjena lehibe izany isika, dia tsy tokony isika . . . Tsy afaka handositra ny sazy sy ny fahatezeran'Andriamanitra isika, raha tsy mitandrina an'izany famonjena lehibe izany."

14 Ankehitriny dia hanomboka hamaky isika, izao hariva izao, ao amin'ny, ary manomboka amin'ny toko faha-4-n'ny Bokin'ny Hebreo. Raha misy olona te-hanaraka, dia manana Baiboly vitsivitsy izahay eto. Raha mila anankiray izy ireo, nahoana, dia hitondra an'izany ho anareo ny iray amin'ireo mpampiditr'olona, raha hanangana ny tànanareo ianareo, ireto—ireto Baiboly ireto. Raha ny iray amin'ireo rahalahy no haka eto . . . Misy Baiboly roa mipetraka eo, mino aho.

15 Ary handeha haingana isika ankehitriny, satria manana fandraisana isika afaka kelikely. Ary eo amin'izay hijanonantsika izao hariva izao, no hanombohantsika indray amin'ny Alarobia hariva. Ankehitriny, mino aho, aninkeo maraina tao amin'ny famakiantsika, dia nanomboka teo amin'ny andininy faha-15 isika.

16 Misy olona iray, angamba tsy mahafantatra fa manao solomaso aho, mba hamakiana. Miha-antitra aho. Ary mbola

afaka mamaky foana aho, saingy tsy afaka mandray azy haingana, indrindra rehefa tonga eo amin'ny soratra madinika aho, printy madinika.

17 Koa nandeha aho mba hanao fandinihana ny masoko, mba hahita raha tena veriko marina tokoa ny fahitako. Folo amin'ny folo ireo masoko. Hoy izy hoe, "Fa mihoatra ny efapolo taona ianao, anaka." Naka zavatra iray ho vakiako izy, nanao hoe, "Manomboha mamaky an'ity." Novakiako ilay izy. Ary arakaraky ny nanakaikezako, no nahatonga an'ilay izy niadana kokoa sy niadana kokoa. Ary tonga teo amin'ny saiky tahaka an'*izao* ilay izy, dia nijanona aho. Tamin'izay fotoana izay dia namboariny ho folo sy folo teo, afaka namaky an'ilay izy hatraiza hatraiza aho. Saingy hoy izy hoe, "Ilay izy dia, rehefa mihoatra ny efapolo taona ianao, dia miha-fisaka ireo voamasonao."

18 Ankehitriny, dia afaka manakentrona ny masoko aho ary mamaky fotsiny akaiky ahy tahaka an'*izao*, saingy tsy maintsy manakentrona ianareo. Noho izany, dia nanamboatra solomaso iray ho ahy fotsiny izy. Afaka mahita an'ilay izy aho, hatraiza hatraiza, rehefa tena akaiky ahy ilay izy. Ankehitriny, rehefa lavitra ahy ilay izy, dia tsy afaka mahita mihitsy aho miaraka amin'ireto zavatra ireto. Fa mamaky azy ireo aho, mamaky an'izany miaraka amin'ireo solomaso.

19 Ankehitriny, aninkeo maraina, dia nanana ny ampahany farany an'ny toko faha-3-n'ny Hebreo isika. Ary, oh, vatosoa manan-karena toy ny inona no hitantsika. Henoy ankehitriny. Te-hamaky indray aho, mba hahazoantsika foto-kevitra iray ankehitriny. Tsy hoe hiresaka eo amin'izany, fa somary hamehy kely an'izany.

> *Raha izao no voalaza hoe, Anio* ianareo *raha . . . hihaino ny feony, dia aza manamafy ny fonareo tahaka ny tamin'ny fahasosorana.*
>
> *Fa ny sasany,* ireo, izay nandre ny Teny, *rehefa nandre* ny Teny *izy ireo, dia nampahasosotra: kanefa tsy ny rehetra izay nivoaka an'i Egypta tamin'ny alàlan'i Mosesy.*

20 Ankehitriny, tao amin'io, aninkeo maraina, no nahitantsika fa hoy Izy hoe, "Aza manamafy ny fonareo ankehitriny, tahaka ny tamin'ny andron'ny fahasosorana." Izany dia rehefa nampahasosotra an'Andriamanitra ho tezitra izy ireo, satria Nomeny azy ireo i Mosesy, ny Mpaminaniny, ary famantarana iray izay niaraka tamin'i Mosesy. Firy, ato amin'ny kilasy izao hariva izao, no mahafantatra hoe inona io famantarana io? Andry Afo, Hebreo 13.

21 Ankehitriny, dia tsy fantatsika na nahita an'io famantarana io ilay fiangonana na tsia. Fa Mosesy dia nahita an'Izany, satria Mosesy no nihaona Taminy voalohany tao anatin'ny roimemy nirehitra iray. Afo iray Izy. Ary nankatò an'i Mosesy ireo

zanak'Isiraely, ka nandao an'i Egypta. Ary vantany vao nivoaka avy tao Egypta izy ireo, dia Andriamanitra, hitantsika, no nitarika azy ireo mihitsy tao amin'ny fandrika iray. Teo, no nisy ny tafik'i Farao taorian'izy ireo, ny Ranomasina Mena teo amin'ny lafiny roa, ary nametraka azy ireo teo amin'ny fitsapana Andriamanitra; ary natahotra izy ireo. Ary izany no nampahasosotra an'Andriamanitra. Hoy Izy hoe, "Nahoana ianao no mitaraina Amiko?" Hoy Izy, "Mitenena fotsiny ary mandrosoa." Tiako izany.

22 Ankehitriny, nanaraka an'i Mosesy izy ireo, satria nanaraka an'ilay Andry sy Rahona i Mosesy, ary teny amin'ny làlany nankany amin'ilay tany nampanantenaina izy ireo. Sary tsara tarehy an'ilay Fiangonana, izao hariva izao, eo amin'ny làlantsika mankany amin'ilay Tany nampanantenaina, tarihin'ilay Fanahy iray ihany, ireo famantarana sy fahagagana iray ihany araka ny notenenin'Andriamanitra.

23 Mariho ankehitriny. Avy eo, dia tonga teo amin'ny Efitr'i Sina izy ireo. Ireo—ireo rano dia "nangidy," *Mara*. Nahoana Andriamanitra no nitarika azy ireo teo amin'ireo rano mangidy? Toy ny hoe tokony nitarika azy ireo teo amin'ny rano tsara Izy. Saingy nitarika azy ireo teo amin'ireo rano mangidy Izy mba Ahafahany manaporofo ny finoan'izy ireo. Tiany ny manao an'izany. Tiany ny mamela ny fahoriambe ho tonga eo aminareo, maneho fa Izy dia afaka maneho aminareo ny Fitiavany sy ny Heriny. Ahoana no ahafahan'ny olona, amin'izao andro izao, izay tsy mino ny asam-pahagagan'Andriamanitra, rehefa tonga ireo fahoriambe, dia miala fotsiny izy ireo ary manohy? Saingy isika dia mino fa "Andriamanitra dia manao fahagagana." Izy tsy afaka . . . Andriamanitra dia manana . . .

24 Henoy ity. Raha tsy mihetsika amin'ny fomba mitovy Andriamanitra, rehefa mipoitra ireo fisehon-javatra mitovy, amin'izay fotoana izay dia diso amin'ny fiangarana amin'ny Olony Andriamanitra. Ny fahamasi-mandidin'Andriamanitra dia mitaky Azy hiasa amin'ny zava-misy rehetra tahaka ny Niasany tamin'ilay zava-misy voalohany, raha tsy izany dia diso Izy fony Izy niasa tamin'ilay zava-misy voalohany. Raha tsy mihetsika amin'ilay fomba iray ihany izay Nihetsehany tamin'ilay zava-misy voalohany Andriamanitra, raha hafa no Hihetsehany amin'ilay zava-misy faharoa, amin'izay fotoana izay dia nihetsika diso Izy fony Izy nihetsika tamin'ilay zava-misy voalohany. Raha nanasitrana ny marary Andriamanitra tao amin'ny Testamenta Taloha, dia tsy maintsy nanao an'izany Izy tao amin'ny Testamenta Vaovao ary amin'izao andro izao, raha tsy izany dia diso Izy fony Izy nanasitrana azy ireo tany aoriana tany. Tsy maintsy mihetsika tahaka an'izany Izy, isan'andro. Ary Hataony izany, rehefa mahatanteraka ny fepetra ilay finoana iray ihany. Antsika ny fahadisoana, fa tsy an'Andriamanitra. Satria mahita Azy isika eo amin'ny sasany, sy ny maro, manao

fahagagana malaza lehibe. Fantatsika izany. Tsy afaka milaza ny mpitsikera hoe, "Tsy izany ilay izy." Satria isika dia mahita an'Izany manaporofo an'ilay izy, ary eo izany.

25 Nilaza izy ireo taloha hoe, "Anehoy fahagagana iray aho." Tsy afaka milaza an'izany intsony izy ireo. Tsy afaka milaza an'izany intsony ny siansa. Afaka manaporofo marina tokoa amin'ny tontolo siantifika isika. Ary ny tontolo siantifika no nijoro vavolombelona fa Vatana ivelan'ny voajanahary iray, amin'ny endrika Andry Afo iray, no miaraka amintsika. Indro eto ny Sariny, eto mihitsy, ary ny anankiray dia mihantona any Washington D.C., izao hariva izao. Izany no Kristy tsy miova.

26 Noho izany, tany aloha, ireo rahalahiko ao amin'ny asampanompoana dia niteny tamiko taloha hoe, "Oh, Rahalahy Branham, ny devoly izany. Aza miadaladala amin'izany ianao." Nampahatahotra ahy izany.

27 Ary tsy te-hitory teny aho mandrapahatongan'Andriamanitra ka nanambara an'izany, hoe, "Izy no Jesosy tsy miova, ilay Anankiray tsy miova." Oh, noho izany ny miezaka manongotra an'izany amiko? Tsy ho vita izany. Satria, izany no Soratra. Izany no Tenin'Andriamanitra. Izany dia tsy fahatsapana iray izay tsy misy fototra fotsiny. Izany dia fahatsapana iray izay tohanan'ny Tenin'Andriamanitra sy ny teny fikasan'Andriamanitra Mandrakizay voatahy.

28 Ankehitriny, dia mahamarika isika eto, arak'izany, fa Izy no nilaza.

Fa ny sasany, rehefa nandre izy ireo, dia nampahasosotra:. . .

Izany tokoa. Lasa ketraka izy ireo, isaky ny tonga eo amin'ny toerana iray izay ahatongavan'ny fampisehoan-kery. Avy eo dia inona no nataon'izy ireo? Nitroatra izy ireo, ary lasa ketraka, ka te-hiverina, ary, "Nahoana *ity* no nitranga tamiko?"

29 Zavatra hafahafa, aninkeo maraina, rehefa avy nitory an'izany mafy arak'izay vitako aho, dia nisy maro no nanatona ny alitara ary nanontany an'Izany hoe, "Nahoana ity no mitranga amiko?" Hitanareo ve hoe ahoana no andehanan'Izany? Mandeha eo an-tampon'ny lohan'ny olona Izany. Mitovy foana ilay izy, ireo olona.

30 Hoy Jesosy hoe, "Mana-maso ianareo, fa tsy afaka mahita." Nilaza an'izany tamin'ireo mpianatra Izy.

31 Hoy izy ireo hoe, "Indro, ankehitriny dia miteny mazava Ianao. Mino izahay ankehitriny. Tsy misy olona tokony hiteny na inona na inona Aminao, satria Andriamanitra no maneho an'izany Aminao."

32 Hoy Izy hoe, "Mino ve ianareo ankehitriny, taorian'io fotoana rehetra io?" Hitanareo?

33 Ianareo dia tsy tokony hanontany na inona na inona,
amin'Andriamanitra. "Fa ny dian'ny marina dia alamin'ny
Tompo." Ary ny fizahan-toetra rehetra dia napetraka eo
aminareo, mba hanaporofoina anareo. Ary hoy ny Baiboly hoe,
"Sarobidy lavitra aminareo noho ny volamena izy ireo." Noho
izany raha mamela fahoriana maivana vitsy hitranga aminareo
Andriamanitra, dia tsarovy, ho an'ny fanitsiana anareo izany.
"Ny zanaka rehetra izay manatona an'Andriamanitra dia
tsy maintsy faizin'Andriamanitra, sy zahan-toetra, zanaka
nofanina." Tsy misy fanavahana. "Ny zanaka rehetra izay
manatona." Ary natao ireo fahoriana ireo, naseho izy ireo,
mba ahitana hoe toetra inona no ho raisinareo. Hitanareo?
Andriamanitra izany, eo amin'ity tanim-panaporofoina ity.
Izany ny tany rehetra, izany ireo tanim-panaporofoina, dia eo
amin'izay Ezahany hanaporofo anareo.

34 Henoy ankehitriny, raha mandroso isika. Ary tiako ny haka
an'ilay ampahany farany an'izany.

Ary iza no nianianany *fa tsy hiditra ao amin'ny fitsaharany,* . . .

Ankehitriny, eo no ahatongavantsika, izao hariva izao.

. . . *ao amin'ny fitsaharany, afa-tsy ireo izay tsy nino?*

Noho izany dia hitantsika fa tsy afaka niditra izy ireo . . . *nohon'ny tsi-finoany.*

35 Ankehitriny, inona ny fahotana? Ny tsi-finoana. Tonga teo
amin'izy ireo Andriamanitra, tao anatin'ny Andry Afo iray;
naniraka ny Mpaminaniny, ary nanosotra azy, nanome azy
famantarana mba hatao eo anatrehan'ny olona. Ary avy eo
ilay Andry Afo, tamin'ny alàlan'ny mpaminany, no nitarika azy
ireo hivoaka. Ny fisehon-javatra rehetra izay nahatongavan'izy
ireo, dia nanomboka nimonomonona izy ireo ary nilaza ny
fahadisoana kely rehetra izay hitan'izy ireo tamin'i Mosesy,
nanomboka nandevilevy sy nanao tsinontsinona azy. Dia tsy faly
Andriamanitra, satria hoy Izy hoe, "Nanota izy ireo."

36 Tokony ho nihaino izy ireo. Saingy, raha tokony ho izany, dia
nihaino ny fandanjalanjana izy ireo hoe, "Ahoana no hampety
an'izany? Ahoana no hampety an'ireto zavatra ireto?" Raha Izy
no Andriamanitra, dia azo atao ny zavatra rehetra. Ary hanao ny
zavatra rehetra hiara-hiasa hahasoa an'ireo izay tia Azy Izy.

37 Ankehitriny dia hiditra ao amin'ny fianarana lehibe iray
isika eto, izany dia, eo amin'ilay "Fitsaharana," ny *sabata*.
Ankehitriny, mpivahiny izy ireo tao amin'ny diany. Hitanareo?
Efa tany Egypta izy ireo, efajato taona, ary tao amin'ny
fanandevozana. Ary ankehitriny dia nentina nivoaka izy
ireo tamin'ny alàlan'ireo fahagagan'Andriamanitra, araka ny
Fampanantenany. Ary teny amin'ny làlany nankany amin'ilay
tany nampanantenaina izy ireo. Ary indro miseho ny Hazavana

ivelan'ny voajanahary iray, eo anivon'izy ireo, ary manomboka mitarika azy ireo.

38 Ankehitriny, mety nisy olona iray nanao hoe, "Ankehitriny, jereo eto, iza moa io Mosesy io? Iza no nanao anao ho mpanapaka anay? Tsy isanay ve ianao? Iza no nametraka anao eto ho lehibenay? Mihevitra ve ianao fa mahafantatra betsaka noho ny pasiteranay? Mihevitra ve ianao fa mahafantatra betsaka noho ny mpisorona? Mihevitra ve ianao fa ianao dia—ianao dia manan-tsaina lavitra noho ireo lehilahinay mpivavaka, an'izao andro izao?" Tsy nisy nidiran'izany.

Izany no Andriamanitra, tao anatin'ny Andry Afo, nanamarina fa Izy no tao amin'ilay hetsika. Tsy nanao fahasamihafana mihitsy ny hoe iza no nanan-tsaina na iza no tsy nanan-tsaina. Ilay izy dia ny hevitra amin'ny fanarahana an'izay napetrak'Andriamanitra teo anoloan'izy ireo.

39 Nahoana, Mosesy, raha ara-batana, dia nanao zavatra adaladala rehefa nanandrana nanafaka ny zanak'Isiraely tamin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra izy, tamin'ny nitondrana andian'olona iray tany an-efitra. Nefa izy nanana ny . . . Nahoana, izy no mpandova ny zavatra rehetra izay nananan'izy ireo. Izy no nanao ny tafika rehetra izay nisy, teo amin'izao tontolo rehetra izao, ho voafehy. Ary indro izy, miaramila jeneraly lehibe iray. Ary amin'ny hetsika manaraka, dia izy no tokony ho mpanjaka, Faraon'i Egypta. Nahoana, afaka niakatra teo amin'ny seza fiandrianana fotsiny izy, ka nanao hoe, "Eny àry, rankizy, mandehana miverina any an-tranonareo." Milamina hatreo izany; Farao iray izy. Saingy i Mosesy . . .

40 Oh, ity ilay izy. Mosesy, tamin'ny *finoana*, dia nahita ny teny fikasan'Andriamanitra. Ary tonga teo aminy ilay Anjelin'ny Tompo, ary nahafantatra betsaka kokoa mikasika an'Andriamanitra izy, tao anatin'ny dimy minitra teo amin'ny Fanatrehan'io Anjely io, noho izay nianarany tao anatin'ny efapolo taona niaraka tamin'ireo mpampianatr'i Egypta. Fantany fa nisy Izy. Nahita an'ilay ivelan'ny voajanahary natao izy.

41 Hoy Izy hoe, "Homba anao Aho, ry Mosesy. Handeha eo alohanao Aho." Ary nahazo izy ireo. Dia nanome azy an'ireo famantarana mba haseho Izy.

42 Ankehitriny, teo amin'ny làlany nankany amin'ny tanin'ny fitsaharana izy ireo. Nanao fitsaharana iray ho azy ireo Andriamanitra, toerana iray izay tsy tokony hahatonga azy ireo . . . ireo mpampiasa hifehy azy ireo, hanery azy ireo, hampanao zavatra azy ireo.

43 Sary iray tsara tarehy toy ny inona izany amin'izao andro izao, rehefa mijery ny Fiangonana isika ka mahita ny Fiangonana ao amin'ny toerany, ny olona rehetra izay nateraky

ny Fanahin'Andriamanitra dia manao tsinontsinona an'izao tontolo izao. "Fa raha tia an'izao tontolo izao ianareo na ireo zavatr'izao tontolo izao, dia tsy ao aminareo akory aza ny fitiavana an'Andriamanitra." Izany no nolazain'ny Baiboly. Ary ny tena mpivahiny iray, eo amin'ny làlany, dia mankahala tsotra izao an'ireo zavatr'izao tontolo izao. Halany ny mahita an'ireo lehilahy misotro. Halany ny mahita an'ireo lehilahy mifoka. Halany ny mahita an'ireo vehivavy eny an-dàlambe, manao an'ireny akanjo kely ratsy maloto ireny. Halany ny mahita an'ireo fetin'ny lôtô sy karatra.

44 Ary omaly, raha Rahalahy Tony . . . na izaho sy Rahalahy Wood no nandalo teny an-dàlambe, ary ny vitsivitsy sasany, ny sasany tamin'ireo lehilahy . . . Nisy ramatoa kely iray tany Louisville, nandeha teny an-dàlambe, vehivavy kely maha-te-ho tia, nanao akanjo izay mahatsiravina; hatreo amin'ny valahany mihitsy, ary ribà kely iray no nifatotra teo amin'ny valahany, teo amin'ny ilany tsirairay, ary sila-damba boribory kely iray no teo anoloany, ary nifatotra tamin'ny kofehy iray taoriana. Nandeha teny an-dàlambe, nahatsiravina, ka nijery azy ny lehilahy rehetra teny an-dàlambe. Hoy aho hoe, "Tsy fantany fa meloka izy, eo imason'Andriamanitra, amin'ny fijangajangana tamin'ny lehilahy rehetra izay nijery azy tao amin'io fanao io. Ary hamaly izy amin'ny andro fitsarana nohon'ny fijangajangana tamin'ireo lehilahy ireo."

45 Hoy Jesosy hoe, "Na iza na iza mijery vehivavy iray mba hitsiririтra azy, dia efa nijangajanga taminy sahady." Marina izany.

46 Noho izany, hitanareo, hoy Rahalahy Wood tamiko hoe, "Ahoana no iheveranao an'izao, Rahalahy Branham?"

47 Hoy aho hoe, "Na ilay izy fahavoazana ara-tsaina na azon'ny devoly." Zavatra roa ihany no manao an'ilay izy. Ny vehivavy iray maotina, madio dia tsy hanao an'ireo zavatra ireo; raha tsy hoe azon'ny devoly izy. Izany marina tokoa no Fahamarinana.

48 Ankehitriny, ny mpivahiny iray eny amin'ny làlany mankany An-danitra, dia miaina ao amin'ny faritra hafa iray izy. Tsy tokony hiahiahy azy amin'ny fijerena azy ianareo. Hanodina ny lohany izy raha manana an'Andriamanitra ao am-pony, satria miaina ao amin'ny faritra iray izay any amin'ny antapitrisany maily lavitra an'ireo zavatra ireo izy. Marina izany. Tsy te-ho meloka amin'io karazan-javatra io ianareo, amin'ny fitsarana. Noho izany dia manodina ny lohany izy ka manao hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo amin'ilay vehivavy," dia manohy izy. Ao amin'ny diantsika isika. Eo amin'ny làlantsika mankany amin'ny Tany Kanana isika. Eo amin'ny làlantsika mankany amin'io Fitsaharana Mandrakizay sy tena voatahy izay nomen'Andriamanitra antsika io isika. Ary ao amin'ny diantsika,

dia alaim-panahy isika. Alaim-panahy amin'ny karazan-javatra rehetra isika, kanefa alaim-panahy tsy manota.

49 Mariho ankehitriny, raha mandeha eo amin'ny toko faha-4 isika, "Aoka isika hatahotra noho izany."

> *Aoka isika hatahotra noho izany, fandrao, hiala amintsika ny teny fikasana mba hidirana ao amin'ny fitsaharany, . . .*

50 Tiako ianareo hahatsiaro, fa, raha tsy efa mahita isika, raha tsy Andriamanitra no efa nanambara an'izany tamintsika! Tsy mampaninona na impiry isika no mandeha any ampiangonana, tsy misy idiran'izany amin'io. Tsy maintsy tonga amin'ny alàlan'ny fanambarana Andriamanitra ary manambara ny Tenany amintsika, izany no manaisotra ny zavatra rehetra an'izao tontolo izao. "Ankehitriny, raha izao no voalaza hoe, 'Anio ianareo raha . . . '"

51 Ankehitriny dia ndao isika hanomboka ny—ny toko faha-4.

> *Aoka isika hatahotra noho izany, fandrao, hiala amintsika ny teny fikasana* mba hidirana *ao amin'ny fitsaharany, . . .*

52 Tsarovy ankehitriny, rehefa teo amin'ny làlany nankany amin'ny Fitsaharana izy ireo, dia ny Andry Afo no nitarika azy ireo. Ankehitriny dia tiantsika ny hahita hoe, "Inona io Fitsaharana io?"

> *Aoka isika . . . hatahotra, fandrao, hiala amintsika* ny *teny fikasana* mba hidirana *ao amin'ny fitsaharany,* (diniho), *ny sasany aminareo toa tsy mahatratra an'izany.*

53 Ankehitriny, io ilay teny fikasana. Io ilay tokony atahorantsika: raha tsy misy teny fikasana iray navela ho antsika. Fa misy teny fikasana iray! Ary avy eo, ny zavatra manaraka, dia aza tsy mahatratra an'izany.

54 Ankehitriny, ilay fisainana dia, raha eo amin'ny làlantsika mankany amin'ilay Fitsaharana isika, dia inona ilay Fitsaharana? Aiza no misy azy? Mikambana amin'ny fiangonana ve izany? Vita batisa amin'ny fomba hafa iray ve izany? Lasa mambra an'ny fiangonana malaza indrindra eo amin'ny tanàna ve izany? Manao akanjo tsaratsara kokoa ve izany? Fianarana ve izany? Vola ve izany, mba ahafahantsika mijanona tsy miasa ka mandrimandry fotsiny, mitsahatra amin'ny androntsika sisa, araka ny iantsoantsika azy? Tsy izany ilay izy.

55 Henoy izay ilazan'ny Baiboly hoe inona izany, ary ahoana no ahazoantsika azy.

> *Aoka isika hatahotra noho izany, fandrao, hiala amintsika ny teny fikasana* mba hidirana *ao amin'ny fitsaharany, ny sasany aminareo toa tsy mahatratra an'izany.*

Fa ho antsika (tamin'izany andro izany) *izay* efa *nitoriana* ny *filazantsara, tahaka azy ireo ihany:* . . .

Inona ny Filazantsara? Ireo vaovao tsara. Ireo vaovao tsara dia tonga tamin'izy ireo tany Egypta, hoe, "Naniraka mpanafaka iray Andriamanitra, ary hamoaka antsika Izy ary hitondra antsika mankany amin'ilay tany nampanantenaina."

56 Ireo vaovao tsara ho antsika ankehitriny, hoe, "Naniraka Mpanafaka iray Andriamanitra, ny Fanahy Masina, ary eo amin'ny làlantsika mankany amin'ilay Tany nampanantenaina isika." Ankehitriny dia nanao an'izany ho fanekem-pinoana sy anaram-piangonana ny olona, saingy mbola manamafy foana Andriamanitra, fa, ny *Fitsaharan*tsika dia "ny Fanahy Masina."

57 Mariho.

. . . *filazantsara* efa *notoriana* . . . *tamin'izy ireo* tahaka ny tamintsika ihany: *saingy ny teny izay notoriana dia tsy nahasoa azy ireo,* ny . . .

Tsarovy:

. . . *ny teny izay notoriana dia tsy nahasoa azy ireo, tsy niharo finoana tao amin'ireo izay nandre azy.*

58 Oh, ry rahalahiko, mamelà ahy hijanona eto mandritry ny iray minitra. Tsy mampaninona na firy ny Teny izay notoriana, tsara toy ny ahoana no nitiavanareo ny fomba nitoriana Azy; raha tsy ny tenanareo no mpandray anjara amin'Izany, dia tsy hanao soa anareo Izany na kely aza.

. . . *tsy niharo finoana* tamin'*ireo izay nandre azy.*

59 Nahita an'ireo fahagagan'i Mosesy izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Tena tsara izany." Dia nanatona izy ireo. Izy ireo, nahita azy nanao fahagagana izy ireo. Ary nahita an'ilay Andry Afo izy ireo, angamba, na nandre azy ireo niresaka mikasika an'Izany. "Oh, mety tsara daholo izany."

60 Saingy tsy niharo finoana manokana ilay izy. Satria vantany vao tonga tany an-efitra izy ireo, izy ireo (ny tsirairay avy) dia nanomboka nimonomonona. Dia hoy Andriamanitra hoe, "Satria nisalasala izy ireo, dia fahotana izany." Aza misalasala na inona na inona. Minoa. Aza misalasala, tsy mampaninona na sarotra toy ny ahoana aza ilay zava-misy, minoa an'Izany.

61 Ankehitriny dia nanomboka nimonomonona izy ireo, ary nandevona azy ireo Andriamanitra. Ary avy eo dia nianiana Izy, tamin'ny Fahatezerany, hoe, "Tsy hiditra mihitsy amin'Ny Fitsaharany izy ireo." Ary nilaza eto ny Baiboly, mino aho fa Izany dia ao amin'ny—ny toko faha-3, hoe, "Niampatrampatra tany an-efitra ny fatin'izy ireo."

62 Ny toko faha-3 ary ny andininy faha-17.

Fa iza no efa *nampahatezitra* azy nandritry *ny efapolo taona? tsy ireo izay niaraka tamin'izy ireo izay nanota ve, ka niampatrampatra tany an-efitra ny fatiny?*

63 Ary avy tamin'izy rehetra izay nivoaka avy tany Egypta, dia roa ihany no niditra tao amin'ilay tany nampanantenaina. Avy tamin'ny tany manontolo talohan'ny safo-drano, tamin'ny andro lasa, dia nisy fanahy valo no voavonjy, avy tamin'ny andavitrisany. "Èty ny vavahady ary tery ny làlana, ka vitsy no hahita azy."

64 Hoy ny olona sasany hoe, "Arak'izany, Rahalahy Branham, dia ahoana ny amin'ireo an'arivony rehetra izay nolazain'ny Baiboly fa hiseho any?"

Tsarovy fotsiny hoe firy no maty tao amin'ny taranaka tsirairay, izay efa Kristiana, nanerana ny taona. Hitsangana izy rehetra. Izany no manao an'ilay Vatana. Ianareo dia manantena fa hisy zato lavitrisa ato amin'ity Amerika ity, no hivoaka, na hafa sasany, avy amin'ity izao tontolo izao androany ity. Mety tsy hisy dimampolo no hivoaka. Fa ilay Fiangonana lehibe voavidy dia mandry ao anatin'ny vovoka, miandry. Izy ireo no vatosoan'Andriamanitra izay mitsahatra ao anatin'ny vovoka. Saingy ny fanahin'izy ireo kosa dia eo ambanin'ny alitaran'Andriamanitra. Tsy ao amin'ny tena toerany izy ireo. Ao anatin'ny vatana iray izy ireo, marina tokoa, saingy teofania iray. Ary miantsoantso an'Andriamanitra izy ireo hoe, "Mandrapahoviana?" Afaka mifankahita izy ireo, saingy tsy afaka hifandray tànana, io karazana vatana iray io.

65 Raha mihaona amin'ny reninareo any amin'ny Voninahitra ianareo izao hariva izao, raha handeha ianareo, dia tsy afaka handray ny tànany satria tsy manana an'io karazana tànana io izy. Tsy afaka hahatsapa an'izany tahaka ny tsapanareo ankehitriny ianareo. Satria, ireo taovam-panamboloana dimy izay napetraka tao amin'ity vatana ity, dia afaka mifehy an'izany. Ny fanatrehany dia ho tsapa ao amin'ny faritra hafa iray.

66 Tahaka ny vady lahy sy vady vavy izany. Tsy hisy fanambadiana, na famoahana hanambady, any An-danitra. Nahoana? Satria misy karazana fitiavana hafa iray any. Tsy misy filàna ara-nofo any. Efa lasa ireo zavatra rehetra ireo. Madio sy mangarangarana ianareo.

Fa tsy niaina tao amin'izany toerana izany mihitsy ianareo, noho izany dia tsy noforonina ho an'izany toerana izany ianareo. Miandry fotsiny ianareo any. Saingy maniry mafy ny hiverina teo amin'izay namoronana anareo ho lehilahy iray sy vehivavy iray ianareo, ary eo Andriamanitra no hanangana an'io vatana io avy amin'ny vovoky ny tany ary hanome voninahitra an'izany. Amin'izay fotoana izay ianareo dia hahita,

hanandrana, hahatsapa, hanimbolo sy handre, ary hikambana. Isika tsy hahafantatra mihitsy . . .

Tsy afaka hankasitraka fiainan'Anjely iray mihitsy isika. Tsy noforonina ho Anjely isika. Namorona Anjely Andriamanitra. Saingy namorona ahy sy ianareo Izy, ho lehilahy sy vehivavy. Izany no toerana izay hisy antsika, mandrakizay, amin'Ny Fihaviany voatahy.

67 Ankehitriny, jereo hoe ahoana fa tsy nahatratra izy ireo, satria nanota izy ireo ka tsy nahatratra ny voninahitra. Naneho azy ireo an'ilay Andry Afo Andriamanitra. Naneho tamin'izy ireo an'ireo famantarana sy fahagagana Izy. Nitarika azy ireo hivoaka Izy. Nitondra azy ireo tao amin'ny fakam-panahy Izy, mba hizaha toetra sy hanaporofo azy ireo.

68 Ankehitriny, tsy efa nahazo fakam-panahy betsaka ve ianareo? Aza mitaraina mikasika an'izany. Mifalia. Momba anareo Andriamanitra. Miezaka manaporofo ny finoanareo Izy. Jereo i Joba ao amin'ny Testamenta Taloha, rehefa hoy Izy hoe, "Efa nandinika an'i Joba Mpanompoko ve ianao, lehilahy marina iray, lehilahy tanteraka iray? Tsy misy tahaka azy eny ambonin'ny tany."

69 "Oh," hoy izy, "azo antoka, Ianao no namefy azy: tsy manana olana mihitsy izy, tsy manana fanahiana mihitsy izy. Tsy manana enta-mavesatra ara-bola mihitsy izy, ny zavatra rehetra dia tsara. Tsy manana aretina mihitsy izy, tsy misy fanaintainana. Avelao aho hahazo azy. Hanao azy hanozona Anao aho, eo amin'ny Tavanao."

70 Hoy Izy hoe, "Eo an-tànanao izy, saingy aza alainao ny ainy."

71 Oh! Nanao ny zavatra rehetra izy afa-tsy ny naka ny ainy, saingy tsy afaka nampihetsika an'i Joba izy. Fantatr'i Joba fa nijoro mahitsy teo amin'ny Teny izy. Marina izany. Ary tsy afaka nampihetsika azy ny devoly rehetra avy tao amin'ny helo, satria fantany fa efa nanolotra an'io fanatitra io izy. Marina izy. Ary niampanga azy izy ireo, nanao hoe, "Nanota ianao, ry Joba, ka manasazy anao Andriamanitra." Fantany fa Andriamanitra dia tsy . . . fa tsy nanota teo anatrehan'Andriamanitra izy. Fantany fa marina izy. Tsy hoe satria lehilahy tsara iray izy, fa satria nanaiky an'ilay fanatitra dorana izy teo amin'ny toerany.

72 Ary, izao hariva izao, dia fantatsika fa ny fiainany no nanaporofo fa marina izy. Ary rehefa ianareo . . . Tsy miezaka ny handeha hody any amin'ny Voninahitra satria hoe miezaka manampy ny mpiara-monina aminareo ianareo; tsara izany. Tsy hoe satria mikambana amin'ny fiangonana ianareo; tsara izany. Fa mandeha mody any amin'ny Voninahitra ianareo satria manaiky ny fahamarinan'i Jesosy Kristy, tsy misy na inona na inona izay nataon'ny tenanareo.

73 Ankehitriny, raha manohy mamaky isika.

Fa ho antsika izay nitoriana ny filazantsara,. . . (andininy faha-2). . . tahaka *azy ireo ihany: saingy ny teny izay notoriana dia tsy nahasoa azy ireo, tsy niharo finoana tamin'ireo izay nandre azy.*

Tsy tao amin'ireo izay nandre ny Teny ny finoana.

74 Eritrereto fotsiny, amin'izao andro izao, ao amin'ny asam-panompoako kely, manetry tena izay nomen'ny Tompo ahy, tokony Amerikana efapolo tapitrisa no voavonjy, izao hariva izao. Fantatrareo ve izay lazain'izy ireo? "Nahoana, fifandraisana ara-tsaina izany. Mpamaky fisainana iray izy. Tsy misy izany karazan-javatra izany! Nahoana, tsy mikambana amin'ny fiangonanay izy." Hitanareo? Ilay izy tsy. . . tsy mampaninona na impiry no ametrahanareo an'izany eo amin'ny Teny sy manaporofo fa izany no Tenin'Andriamanitra, izany no fampanantenan'Andriamanitra, siansa firy no hanaporofo fa marina Izany, mbola tsy afaka hino foana izy ireo. Ny Baiboly no nilaza fa tsy afaka izy ireo.

75 Hoy ianareo, "Noho izany dia inona no ilaina hitory an'Izany?" Tsy maintsy manana vavolombelona Andriamanitra, mba hanameloka azy ireo, amin'io Andro io. Efa notoriana ny Teny ary voaporofo teo anivon'izy ireo, nefa mbola manalavitra tsy am-pahalalana foana izy ireo. Tsy misy tavela afa-tsy ny fitsarana. Andriamanitra tsy afaka am-pahamarinana—tsy afaka hitsara am-pahamarinana firenena iray raha tsy efa nahazo famindrampo izy talohan'ny nahazoany fitsarana. Andriamanitra Izy. Tsy afaka manao an'izany Izy.

76 Ankehitriny dia inona no lazaintsika?

Fa isika izay. . . nino koa dia niditra *tao amin'ny fitsaharana, araka ny voalazany hoe, Toy ny nianianako tamin'ny fahatezerako, fa tsy hiditra ao amin'ny fitsaharako izy ireo: na dia* efa *vita talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao aza ireo asa.*

Fa niresaka izy ao amin'ny toerana iray ny—ny *amin'ny andro fahafito araka izao,. . .*

77 Ankehitriny, tsy te-handratra ny fihetseham-pon'ny olona aho, manohitra ny fivavahany. Tsy izany no tanjoko. Any amin'ireo saha, dia mitory fotsiny an'ireo foto-pampianarana mahazatra, ara-pilazantsara lehibe, ara-pototra aho. Fa ato amin'ny tabernakla, eo anivon'ny zanako eto, dia tsapako fa manana zò aho hitory an'izay heveriko fa Foto-pampianarana sy Fahamarinana. Hitanareo? Heveriko fa tsara izany.

78 Ankehitriny, manana sakaiza tsara Sabatista an'arivony aho, ireo olona izay Advantistan'ny andro-Fahafito. Ny sasany amin'ireo sakaiza malala indrindra izay ananako, ny sasany amin'izy ireo dia Advantistan'ny andro-Fahafito.

Na dia, ilay hetsika lehibe an'izany aza, izay antsoina hoe, ny—ny *Feon'ny Famininaniana*, dia manohitra ahy mafy izy ireo. Nilaza izy ireo fa manao filazana aho eo amin'ny polipitra, ka manao hoe, "Andriamanitra aho. Ary hoe—ary hoe io Hazavana izay nanaraka io dia Anjely iray, ary Andriamanitra aho. Ary tonga eto amin'izao tontolo izao aho hanao zavatra lehibe, hanaporofo amin'ny olona fa Andriamanitra aho." Ankehitriny, izany no nolazain'ny *Feon'ny Famininaniana* mikasika ahy, any California any. Ary na iza na iza no niteny an'izany, fantatrareo, dia niteny zavatra, izay tsy marina.

79 Fa voalohany, tsy maka fisainana hanohitra ny fiangonana Advantistan'ny andro-Fahafito aho na fiangonana Sabatista hafa iray, fa nohon'ny amin'ny Filazantsara irery ihany. Isika dia ho tonga, afaka minitra vitsy, eo amin'ny Pentekosta, ihany koa. Hia. Marina. Eo amin'ny Batista, ho tonga eo amin'izany isika ka haneho fa tsy mankasitraka anaram-piangonana iray Andriamanitra. Marina izany. Mankasitraka ny isam-batan'olona fotsiny ihany Izy. Ary tsy mifanaraka amin'ny anaram-piangonana iray Izy, tsy nifanaraka mihitsy Izy ary tsy hifanaraka Izy, araka Ny Teniny. Fa mifanaraka amin'ny isam-batan'olona ao amin'ny anaram-piangonana rehetra Izy. Eny, isam-batan'olona no ifanarahan'Andriamanitra.

80 Ankehitriny dia henoy mazava tsara ity, ary raha sendra, amin'ny fotoana rehetra, sendra tonga aminareo izany fanontaniana izany, dia ho voalamina hatreo ilay izy. Ankehitriny, enga anie hanampy antsika ny Tompo.

81 Ankehitriny, henoy tsara, "Fa . . . " Ny andininy faha-4.

Fa niresaka izy amin'ny toerana iray ny amin'ny andro fahafito araka izao, . . .

82 Diniho ankehitriny. Miresaka ny amin'ny sabata Izy. Firy no mahafantatra fa ny teny hoe *s-a-b-a-t-a* ao amin'ny He- . . . dia teny Hebreo izay midika hoe "f-i-t-s-a-h-a-r-a-n-a"? Firy no mahafantatra an'izany, amin'ny teny Anglisy? Azo antoka. Tsy ohatry ny hoe teny hafahafa iray ve ny *sabata*? Izany izy.

83 Tsy teny hafahafa iray ve ny *manamasina*? *Manamasina* dia teny Grika iray. *Manamasina* dia midika hoe "hatao ho masina." Amin'ny Hebreo, dia midika hoe "atao masina." Amin'ny Grika, dia midika hoe "manamasina." Amin'ny Anglisy, dia midika hoe "atao madio."

84 *Sabata* dia midika hoe "andro fitsaharana iray." Izany no sabata fahiny, andro fitsaharana iray. Rehefa mahita ianareo hoe *fitsaharana*, izany dia midika hoe "sabata." Amarino ao amin'ny lahatsoratrareo tany am-boalohany izany, raha sendra manana Baiboly Grika iray ianareo, dia ho hitanareo raha ny teny . . . Raha manana Baiboly Scofield iray ianareo, dia jereo ery amin'ilay soratrareo amin'ny sisiny ny amin'ny "fitsaharana" ka

jereo raha tsy mamerina anareo mankany amin'ny *sabata* izany. *Sabata* dia midika hoe "fitsaharana." Eny àry.

85 Diniho ankehitriny.

> *Aoka isika hatahotra noho izany, fandrao, hiala* amintsika *ny teny fikasana* mba hidirana *ao amin'ny* sabata*ny*, *fitsaharany,* . . .

86 Ankehitriny, olona maro no mitandrina andro, ohatra mitandrina ny *Sabotsy* ho andro sabata. Ny sasany manao *Alahady* iray ho sampy anankiray, andro fanompoana iray. Fa nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, ary nohon'ny Tenin'Andriamanitra, dia hanampy ahy anie Andriamanitra izao hariva izao, afaka manaporofo aminareo aho fa samy diso izy roa ireo. Na ny mpivavaka Alahady na ny mpitandrina ny sabata. Tena diso tanteraka izy roa ireo araka ny Teny. Sady izao koa, eo amin'ny Teny no tokony hiorenantsika, fa tsy amin'izay lazain'ireo Advantista, na tsy amin'izay lazain'ny Protestanta, na izay lazain'ny Katolika. Ilay izy dia izay lazain'ny Baiboly.

87 Ankehitriny, diniho ankehitriny.

> *Fa niresaka izy amin'ny toerana iray* ny *amin'ny andro fahafito araka izao,* . . .

Ankehitriny dia hametraka zavatra iray isika tahaka an'*ity*, ary hiantso an'ity—ity hoe, "Fitsaharan'Andriamanitra," ny andro fahafito.

88 Diniho ankehitriny. "Ary Andriamanitra . . ." Henoy ity Soratra ity ankehitriny.

> . . . *Andriamanitra dia nitsahatra tamin'ny* asa*ny rehetra tamin'ny andro fahafito.*

Nanana Sabata iray Andriamanitra, ary io andro fahafito io dia naharitra arivo taona, tandindona iray an'ny Arivo taona.

> *Fa niresaka izy . . . ny amin'ny andro fahafito araka izao, Ary Andriamanitra dia nitsahatra . . . tamin'ny rehetra—ny* asa*ny*.

Ilay mpisolo anarana, "Ny asa*Ny* rehetra." Nitsahatra Izy tamin'ny andro fahafito. Andriamanitra izany.

> *Ary eto amin'ity toerana ity* (eo ambanin'ny lalàna), *Tsy hiditra amin'ny fitsaharako mihitsy izy ireo*.

89 Nitsahatra Andriamanitra, ara-batana, satria efa nahavita ny lanitra sy ny tany Izy tao anatin'ny enina andro, ary tamin'ny andro fahafito dia nitsahatra tamin'ny Asany rehetra Izy. Nitsahatra arivo taona Izy. Satria ny Baiboly no nilaza, hoe, "Ny iray andro eto an-tany dia arivo taona any An-danitra; ny arivo taona any An-danitra; dia iray andro eto an-tany." Firy no mahafantatra fa ny Soratra no milaza an'izany ao amin'ny Petera Faharoa? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny àry.

"Nitsahatra tamin'ny andro fahafito Andriamanitra. Ary niteny araka izany Izy ao amin'ny toerana iray."

90 Henoy tsara ankehitriny.

Fa niresaka izy amin'ny toerana iray ny amin'ny andro fahafito araka izao, Ary Andriamanitra nitsahatra . . . *tamin'ny asany rehetra.*

Ary eto amin'ity toerana ity indray, (ny lalàna), *Tsy hiditra amin'ny fitsaharako mihitsy izy ireo.*

Nomeny ny Jiosy, teo amin'ny làlany avy teo amin'ny tany nampanantenaina, na, avy tany Egypta nankany amin'ny tany nampanantenaina, ny sabatan'ny andro fahafito.

91 Henoy ankehitriny.

Koa satria mbola hiditra eo ihany ny sasany, ary ho an'ireo *izay nitoriana tamin'ny voalohany . . .*

Ilay fitsaharana! Nomen'Andriamanitra azy ireo ny lalàna, ary ny sabata no didy fahefatra.

. . . dia tsy niditra nohon'ny tsi-finoana: . . .

92 Diniho ankehitriny. Miresaka ny amin'ny lalàna Izy, ahoana no nidiran'izy ireo, tsy niharo finoana izany. Tsy nitandrina an'izany izy ireo. Nitandrina ny sabata ho fahatsiarovana iray izy ireo, hoe handeha any amin'ny tanin'ny sabata iray izy ireo, mba hahazo fitsaharana mandrakizay amin'ireo olany rehetra sy ny ahiahiny rehetra, tsy misy mpampiasa intsony, tsy misy alina mikorontana intsony. Teo amin'ny làlany nankany amin'ny tanin'ny fitsaharana nampanantenaina izy ireo. Tondra-dronono sy tantely izany. Tena lehibe ireo voaloboka hany ka lehilahy roa no nitondra andiany anankiray teo amin'ny sorony. Oh, karazana tanin'ny fitsaharana voatahy iray toy ny inona! Saingy diso tamin'ny fahazoana an'izany izy ireo rehefa tonga tany, nohon'ny tsi-finoany. Voahodina izy ireo, teo amin'ny efapolo maily avy teo amin'izay nialan'izy ireo tany Egypta, hatreo amin'ilay tany nampanantenaina. Ary nijanona tao izy ireo nandritry ny efapolo taona, nohon'ny tsi-finoany. Nomen'Andriamanitra azy ireo ny mpaminaniny, nomeny azy ireo Famantarany, nomeny azy ny Andry Afo, naneho an'ireo famantarana sy fahagagana, ary nitory ny Filazantsara tamin'izy ireo. Dia nandeha izy ireo, nitady trondro sy mofo, ary lavo tany an-efitra. "Ary levona tany an-efitra ny fatin'izy ireo."

93 Jesosy, teo amin'ilay loharano, Izy no nilaza.

Hoy izy ireo, "Ny razanay nihinana ny mana tany an-efitra, nandritry ny efapolo taona."

94 Hoy Izy hoe, "IZAHO io Mofon'Aina izay avy tamin'Andriamanitra avy tany An-danitra io. IZAHO no Mofon'Aina. Tsy Mosesy no nanome anareo an'io Mofo io. Ny Raiko no nanome an'io Mofo io. Ary IZAHO no Mofo

izay avy tamin'Andriamanitra avy tany An-danitra. Raha misy olona mihinana an'Ity, dia tsy ho faty mihitsy." Io ilay fahasamihafana.

95 Diniho ankehitriny. Nilaza izy ireo fa Izy. . . "Nisotro avy tamin'ny Vatolampy izay tany an-efitra izy ireo, nandritry ny fotoana *izao* taona."

96 Hoy Izy hoe, "IZAHO io Vatolampy io." Isaorana anie Ny Anarany Masina! "IZAHO io Vatolampy io."

Ahoana no Nahafahany ho io Vatolampy io? Io Vatolampy io dia Vatolampy ara-panahy iray. Nanaraka ny zanak'Isiraely Izany. Ary nanana tsorakazo iray teny an-tànany i Mosesy, izay tehim-pitsaran'Andriamanitra. Ary niteny taminy Andriamanitra mba hikapoka an'ilay Vatolampy, dia nokapohiny ilay Vatolampy. Ary rehefa nikapoka izy, dia nivoaka avy tao amin'ilay Vatolampy ny rano. Ary Kristy io Vatolampy io, ary natao teo Aminy ny fitsaran'ny sazin'Andriamanitra ny amin'ny fahotana. "Nataon'Andriamanitra hilatsaka teo Aminy ny helotsika rehetra," ary io heloka io no nampipoaka ny Fony. Ary avy tao amin'ny Fony no niraraka ny Fanahy Masina, tahaka ny rano an-ony, mankany amin'ny vahoaka iray eo am-pahalevonana, eo am-pahafatesana.

"IZAHO io Vatolampy izay tany an-efitra io."

"Nahoana," hoy izy, "ny Tianao ho lazaina . . . "

97 Hoy Izy hoe, "Mosesy, ilay anankiray izay niteny an'izany taminareo, dia naniry mafy ny hahita ny Androko. Ary nahita an'izany tamin'ny ampahany izy."

98 Hoy izy hoe, "Ankehitriny, ny Tianao ho lazaina aminay ve dia hoe lehibe noho i Mosesy Ianao? Hoe efa nahita an'i Mosesy Ianao? Nefa i Mosesy efa maty valonjato taona." Hoy izy, "Fantatray ankehitriny fa manana devoly Ianao," amin'ny teny hafa dia, "adala. Fantatray fa adala Ianao."

99 Hoy Izy hoe, "Talohan'ny nisian'i Abrahama, dia IZAHO NO IZY. Izaho no ILAY IZAHO NO IZY LEHIBE izay tao anatin'ilay roimemy nirehitra. Izaho io Afo izay tao anatin'ilay roimemy nirehitra io. Izaho io Anjely izay nandeha teo alohan'izy ireo io." Ary hoy Izy hoe, "Avy tamin'Andriamanitra Aho, ary hiverina amin'Andriamanitra Aho." Ary avy tamin'Andriamanitra Izy, tonga nofo ka nonina teto anivontsika; niverina nankao amin'io Andry Afo iray ihany io.

Ary eto Izy, izao hariva izao, taorian'ny roa arivo taona, "ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay," manao an'ilay zavatra iray ihany, mitarika an'ireo Zanany voatahy.

100 Ary maro no tonga. . . nohon'ny tsi-finoana. Ankehitriny, hoy izy hoe, "Nametra andro iray Izy," andro iray rehefa nahavita ny Asany Andriamanitra. Avy eo, "Izy dia nametra

‘andro hafa iray,’ ary arak’izao, ka raha handre izy ireo, raha ho avy izy ireo, izay mitandrina an’ireo sabata, manaraka ny voaloham-bolana sy ny sisa.” Eo no ezahan’ireo rahalahy Advantista hamerenana anareo.

101 Ankehitriny ndao isika hitohy hamaky. Mariho.

> *Koa satria . . . mbola hiditra eo ihany ny sasany, ary* ireo *izay* nitoriana tamin’ny voalohany *dia tsy niditra nohon’ny tsi-finoana.*

102 Ankehitriny, ny andininy faha-7. Oh, oadray! Milaza aho, fa ny Soratra dia voatsindrimandry ara-matematika. Milaza aho, fa ny Soratra dia, ary amin’ny fomba rehetra, voatsindrimandry. Tanteraka ireo matematikan’ny Baiboly.

103 Efa voamarikareo ve fa ity Etazonia ity dia isa telo ambin’ny folo amin’ny zavatra rehetra izay ataony? Fantatrareo fa izy dia voaorina tamin’ny zana-tany telo ambin’ny folo? Fantatrareo ve fa ny saina dia nanana kintana telo ambin’ny folo teo aminy tany amin’ny voalohany? Fantatrareo ve fa ny zavatra rehetra izay ataon’ny Etazonia dia ao amin’ny isa telo ambin’ny folo? Efa fantatrareo ve fa miseho ao amin’ny Baiboly izy ao amin’ny Apokalypsy 13? Miseho tokoa izy. Ilay bibidia kely, ilay zanak’ondry izay miakatra avy ao amin’ny rano, tsy hatevenana na hamaroan’olona, . . . tsy avy tao amin’ny rano, fa avy tamin’ny tany, izay tsy nisy olona. Nanana tandroka kely roa izy: fahefana ara-panjakana sy ara-pivavahana. Ary zanak’ondry iray izy: fahalalahan’ny fivavahana. Fa afaka kelikely, dia nandeha niaraka izy ireo ary niteny tahaka an’ilay dragona izy, ary nampiasa ny fahefana rehetra izay nampiasain’i Roma teo alohany. Ho tonga eo amin’ny firenentsika izany. Raiso naoty izany. Diniho ilay Fiombonamben’ny Fiangonana sy ny Katolika mikambana miaraka, dia diniho izay miseho.

104 Ireo olona izay manaraka an’ilay Andry Afo dia hanana fotoana sarotra tokoa, saingy vonona ho an’ny fampakarana izy ireo amin’izay fotoana izay, marina izany, vonona ny handeha mihitsy. “Fa ny Zanak’ondry no nandresy azy ireo,” hoy ny Baiboly, “ary ireo izay nanaraka Azy, satria izy ireo dia nantsoina hoe ilay voafidy sy mahatoky, ilay Voafidin’Andriamanitra.” Miala amin’ny fidirana ao amin’izany faminaniana izany aho ankehitriny, mba ahafahantsika manohy an’ity.

105 Henoy tsara, ny toko faha-7, ny . . . ny tiako ho lazaina dia ny toko faha-4, ny andininy faha-7. Ny fito dia isan’ny fahavitana. Ny telo dia isan’ny Fiainana. Ny fito dia isan’ny fahavitana, ary io no manome ny sabata feno.

“Ary izao indray,” tsarovy, niteny izy hoe, “Andriamanitra,” araka izao. Avy eo izy dia niresaka ny amin’ny “lalàna,” araka izany. Ary avy eo, indray, “Nametra andro iray Izy,” andro fahatelo, ny fanintelony.

> *Izao indray, izy* dia nametra andro iray, *andro anankiray, milaza ao amin'i Davida hoe, Anio, fotoana ela be taty aoriana;. . .Anio, fotoana ela be taty aoriana; araka ny voalaza hoe, Anio* ianareo *raha hihaino ny feony, dia aza manamafy ny* fo*nareo*. (Diniho.)
>
> *. . .raha Josoa no nanome azy ireo fitsaharana* (sabata iray),*. . .dia tsy ho nilaza andro hafa iray izy* taorian'izany.

Miova ireo vanim-potoana miaraka amin'i Jesosy Kristy: avy amin'ny lalàna mankany amin'ny fahasoavana, avy amin'ireo asa mankany amin'ny fahasoavana, avy amin'ny zavatra ataonareo mankany amin'ny zavatra izay nataon'Andriamanitra, eo amin'ny fahamendrehanareo manokana sa eo amin'ny Fahamendrehany. Niova izany.

106 Rehefa nivoaka avy tany an-efitra i Mosesy, niaraka tamin'ny lalàna, dia hoy izy hoe, "Aza mijangajanga. Aza mangalatra. Aza mamono olona. Manamasìna ny andro sabata." Rehefa nivoaka avy tany an-efitra Jesosy. . .Rehefa tonga i Mosesy, dia naka fanahy azy ny devoly. Vantany vao naka fanahy azy ny devoly, dia nihaino tsara an'izany izy. Nanana faritra malemy iray i Mosesy. Firy no mahafantatra hoe inona izany? Hatezerana. Ary vantany vao nahita azy ireo nanompo an'ilay zanak'omby volamena izy, dia nazerany ireo didy ary nopotehiny izy ireo, maneho aminareo fa ho potika io asam-pisoronana io. Ary nomen'Andriamanitra azy indray izy ireo.

107 Fa rehefa nivoaka avy tany an-efitra Jesosy, nifady hanina efapolo andro, dia noana Izy, ny faritra malemy tokana izay Nananany. Ary nanatona Azy ny devoly ka nanao hoe, "Raha Ianao no Zanak'Andriamanitra, dia ovay ho tonga mofo ireto vato ireto. Manaova fahagagana iray eto. Avelao aho hahita Anao manao an'izany, dia hino Anao aho."

108 Hoy Jesosy hoe, "Voasoratra hoe, 'Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra.'" Fantany fa tsy nihaona tamin'i Mosesy izy teo, satria nandeha nankeo amin'ny Teny Izy.

109 Nentiny teo amin'ilay tampony Izy, ny tempoly, hoy izy, "Raha Ianao no Zanak'Andriamanitra, dia azerao any ambany ny Tenanao." Ary *nandalotra*, tsy nanonona, fa nandalotra ny Soratra. Hoy izy, "Voasoratra hoe, 'Izy no handidy an'ireo Anjely, amin'izany, fandrao Ianao hahatafintohina ny Tongotrao amin'ny vato. Izy no hibata Anao.'"

110 Dia nandeha avy hatrany teo amin'ny Teny Jesosy, ary niteny mafy azy.

111 Nitondra Azy teny an-tendrombohitra ka naneho Taminy an'i Etazonia sy Alemaina sy Soisa, ary ny firenena rehetra eto amin'izao tontolo izao, izay hany hisy, nanao hoe, "Ahy izy rehetra ireo. Ataoko amin'izy ireo izay tiako hatao."

Tsy mahagaga raha manana ady sy olana isika. Hoy izy, "Ataoko amin'izy ireo . . ." Tsy mahagaga ireo vehivavy raha miakanjo . . . ary milamindamina amin'izany, nohon'ny lalàna. Fehezin'ny devoly izy rehetra. Izany no nolazain'ny Baiboly. Hoy i Satana hoe, "Ahy izy ireo. Ataoko amin'izy ireo izay tiako hatao." Hoy izy, "Raha hiankohoka amiko Ianao, dia hataoko ho mpanjaka tahaka ahy Ianao."

112 Hoy Jesosy hoe, "Voasoratra hoe, 'Ny Tompo Andriamanitrao irery ihany no hiankohofanao, ho tompoinao.' Mankanesa Aoriako, ry Satana."

Nahoana? Fantatr'i Jesosy fa Izy no handova azy ireo ao amin'io Arivo taona lehibe io, rehefa ho tonga Ny Fanjakany. "Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any An-danitra." Tsy hisy fanaovana sorta intsony any. Tsy hisy fisotroana intsony any. Tsy hisy fitsiriritana intsony any. Tsy hisy fijangajangana intsony any. Tsy hisy fahafatesana intsony any. Tsy hisy alahelo intsony any. Izy no mandova ny firenena rehetra. Azy izy ireo. Marina izany. Azy izy ireo, ary Izy no handova. Fa Satana no mahazo azy ireo mandritry ny elanelam-potoana iray, izany hoe amin'izao andro izao, izay iainantsika.

113 "Fa nametra andro iray Izy, nanao hoe, 'Anio, fotoana ela be taty aoriana.' Ary nanao hoe, 'Aza manamafy ny fonareo.'"

Fa raha Josoa no efa *nanome azy ireo fitsaharana, . . .*
dia tsy ho nilaza *andro hafa iray izy* taorian'izany.

114 Ry rahalahiko Advantista, jereo Izany. Paoly eto, no nilaza. Ary i Paoly no nilaza, ao amin'ny Galatiana 1:8, raha mandray naoty ny soratra ianareo, Galatiana 1:8 hoe, "Raha misy Anjely iray tonga avy any An-danitra ka mitory filazantsara hafa ankoatr'Ity izay notoriako ity, dia aoka izy ho voaozona." Hoy i Paoly hoe, "Raha Jesosy no nanome azy ireo andro Fitsaharana iray . . . "

115 Jereo, rehefa niala avy teny an-tendrombohitra Izy. Nidina Izy tamin'izay fotoana izay. Nandresy ny devoly Izy. Voahosotra Izy, vonona ho an'ny Asam-panompoany. Hoy Izy hoe, "Efa renareo izy ireo nilaza, ireo tamin'ny andro fahiny hoe, 'Aza mamono olona,' fa Izaho milaza aminareo fa na iza na iza tezitra amin'ny rahalahiny, tsy misy antony, dia efa namono azy sahady. Efa renareo izy ireo nilaza, ireo tamin'ny andro fahiny," amin'izao andro izao, dia ireo mpitandrina sabata. "Efa renareo izy ireo nilaza, tany aoriana tany tamin'ny andro fahiny, teo ambanin'ny lalàna hoe, 'Aza mijangajanga; tsy maintsy tao amin'ilay hetsika, mba ho meloka.' Fa Izaho milaza aminareo, fa na iza na iza mijery vehivavy iray mba hitsiriritra azy dia efa nijangajanga taminy sahady tao am-pony." Hafa! Namela avy hatrany an'io didy fahefatra io. Fa nanome azy ireo Fitsaharana ve Izy?

116 Ndao isika hijery izay nolazainy. “Hoy i Davida hoe, ‘Fotoana ela be taty aoriana, dia hisy Fitsaharana tanteraka iray ho avy.’” Nitsahatra tamin’ny Asany Andriamanitra, tamin’ny andro fahafito. Nitahy ny andro sabata Andriamanitra, ka nanome an’izany ho an’ireo Jiosy tany an-efitra, arak’izao. Niditra izy ireo . . . nohon’ny tsi-finoana, satria tsy niharo finoana ny Teny. “Ary indray koa, nametra andro anankiray Izy, nilaza tao amin’i Davida, ‘Fotoana ela be taty aoriana.’”

An-jatony taona taorian’ny nahafatesan’i Davida, dia niseho ilay Zanak’i Davida, dia Jesosy, “Ary raha handre Ny Feoko izy ireo, dia aza manamafy ny fonareo.” Hiresaka amin’ny fo Andriamanitra.

117 Diniho ankehitriny, ho an’ny andininy faha-9 ankehitriny, ho anareo izay mamaky. “Raha Jesosy no nanome azy ireo fitsaharana,” ny andininy faha-8, “Izy dia ho . . . niresaka ny amin’ny andro hafa iray.”

118 Raha tsy maintsy ho nisy sabata iray, raha tsy maintsy ho fitandremana Alahady iray izany, amin’izay fotoana izay dia ho niresaka ny amin’izany Izy. Raha nilaza Izy hoe, “Ankehitriny dia tsy misy sabata intsony, tsy mitandrina ny andro fahafito intsony, fa ny Tiako ho tandremanareo dia ny Alahady,” dia ho nilaza an’izany Izy. Nilaza i Paoly fa ho nilaza Izy. Ho nilaza Izy hoe, “Ianareo rehetra manompoa ny Alahady. Izany no ho fitsaharana.” Eny, raha nila azy ireo hitandrina ny sabata Izy, dia ho nilaza Izy hoe, “Mijanòna fotsiny mitandrina ny andro fahafito. Fa ankehitriny dia Tiako ianareo hitandrina ny Alahady, ny andro fahavalo.” Tsia. Tsy nilaza an’izany mihitsy Izy.

119 Hoy Izy hoe, “Raha Jesosy no nanome azy ireo andro iray, dia tsy ho niresaka ny amin’izany ve Izy?”

120 Ankehitriny ny andininy faha-9. Mivonòna.

> *Koa dia mbola misy fitsaharana iray ho an’ny olon’Andriamanitra,* fitandremana sabata iray *ho an’ny olon’Andriamanitra.*
>
> *Fa izay* efa *niditra tao amin’ny* (an’i Kristy) *fitsaharany, dia* efa *nitsahatra tamin’ny asany koa izy, tahaka an’Andriamanitra tamin’ny azy,* tamin’ny sabata.

121 Hitanareo ve izany? Ankehitriny dia ndao isika haka Soratra sasantsasany ka hanohana an’izany. Eny àry. Rehefa nanao an’izao tontolo izao tao anatin’ny enina andro Andriamanitra, dia nitsahatra Izy tamin’ny andro fahafito, ary tsy niasa intsony mihitsy. Isaorana anie ny Anaran’ny Tompo. Nanorina an’izao tontolo izao Izy, nametraka ny famoronana teo aminy, ary nandeha nitsahatra; ary tsy niverina intsony mihitsy, mba hanorina tontolo iray. Nahavita an’ireo asa Izy, dia nandeha nitsahatra. Ankehitriny, tamin’ny . . . Avy eo, taorian’io arivo

taona io, tamin'izay fotoana izay dia niditra ny fahotana; tamin'izay fotoana izay no voaseho Kristy, voaseho ilay Zanak'ondry. Ankehitriny, nomena ny Jiosy io ho tandindon'ny Fitsaharan'ny andro fahafito.

> Ankehitriny, *izy dia* nametra *andro* hafa iray, *milaza ao amin'i Davida, . . . fotoana ela be taty aoriana, fa hisy* fitsaharana hafa iray ho avy.

122 Ankehitriny dia inona io Fitsaharana io? Mamadiha miaraka amiko ao amin'ny Matio, ny toko faha-11, ary ny ampahany faran'ny toko faha-11-n'ny Masindahy Matio. Izany dia tamin'i Jesosy namarana ny Toriteniny teo an-tendrombohitra, ary ho hitanareo izay Nolazainy.

123 Hoy Izy hoe, "Na iza na iza mijery vehivavy iray, mitsiriritra azy, dia efa nijangajanga taminy sahady tao am-pony. Na iza na iza tezitra amin'ny rahalahiny, tsy misy antony iray, dia efa namono an'ilay rahalahy." Ireo zavatra rehetra ireo, fa tsy nikasika an'io didy fahefatra io mihitsy Izy, io sabata io.

124 Ankehitriny dia mamarana Izy. Ary ny Sabata dia Fampanantenan'Andriamanitra lehibe. Fitsaharana iray izany. Ankehitriny, diniho eto ankehitriny, rehefa namarana nitanisa an'ireo fahasambarana Izy. Hoy Izy eto, ny andininy faha-27-n'ny toko faha-11-n'ny Masindahy Matio. Ao, no Nampianarany an'ireo fahasambarana ao amin'ny toko faha-5.

> *Ny zavatra rehetra dia natolotra eto* an-tànako, *ho ahy avy tamin'ny Raiko: ary tsy misy olona mahafantatra ny Zanaka, afa-tsy ny Ray; . . .*

Hitanareo, tsy afaka mahafantatra ny anankiray ianareo raha tsy mahafantatra an'ilay hafa, satria Izy no Ray voaseho tao amin'ny nofo.

> *. . . tsy misy olona koa mahafantatra ny Ray, afa-tsy ny Zanaka, . . .*

125 Toy ny hoe afaka mahita an'Izany ny olona ka tsy hiady hevitra. Izany tokoa. Tsy Olona telo Andriamanitra. Raha Andriamanitra telo Izy, amin'izay fotoana izay dia mpanompo sampy isika. Iza no Andriamanitra? Izy ireo, ireo telo rehetra, Andriamanitra iray, dia asa telon'ilay Andriamanitra iray ihany. Izy no Ray, tao amin'ny endrika Fanahy Masina, tao anatin'io Andry Afo tany an-efitra io. Izy no Zanaka, rehefa nampiasa ny asan'ny maha-Zanaka Izy. "Vetivety foana dia tsy hahita ahy intsony izao tontolo izao; handeha Aho. Hiverina indray Aho ary homba anareo, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao." Hitanareo? Izy no maha-Ray, maha-Zanaka, ary ny Fanahy Masina, ihany koa. Io rehetra io dia ilay tena Andriamanitra iray ihany izay miasa ao amin'ny asa telo samihafa: maha-Ray, maha-Zanaka, Fanahy Masina. Tsy mihitsy . . .

Jaona Voalohany 5:7 no nilaza, "Misy telo izay manambara any An-danitra: Ray, Zanaka, Fanahy Masina. Ireo telo ireo dia Iray ihany."

126 Hoy i Tomasy Taminy hoe, "Tompo, asehoy anay ny Ray." Hahafa-po azy izany.

127 Hoy Izy hoe, "Efa ela no Niarahako taminareo, nefa tsy mahafantatra Ahy ve ianao?" Hoy Izy, "Raha mahita Ahy ianao, dia nahita ny Ray. Koa nahoana ianao no manao hoe, 'Asehoy anay ny Ray'?"

128 Ankehitriny, nandray an'izany ny an'ny Tokana, ilay vondron'olona an'ny tokana, ka miezaka manao ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina, ho asa anankiray sy toerana anankiray fotsiny, ary tahaka ny rantsan-tànanareo, anankiray. Diso izany. Andriamanitra dia tsy afaka . . . Jesosy dia tsy afaka ho ny Rainy Manokana. Raha izany Izy, amin'izay fotoana izay Izy dia . . . Eny, ahoana no Ahafahany ho ny Rainy Manokana?

129 Ary raha olona iray Andriamanitra, navahana tamin'ny Fanahy Masina, dia nanana ray roa Izy. Satria ny Baiboly dia nilaza, hoe, "Ny Fanahy Masina no nanaloka an'i Maria ka nitoe-jaza izy." Ary ny Baiboly no nilaza, ao amin'ny Matio 1:18, hoe, "io zavatra izay nampitoe-jaza azy io dia avy amin'ny Fanahy Masina." Noho izany dia iza no Rainy, ny Fanahy Masina sa Andriamanitra? Izy roa, dia ilay Fanahy iray ihany, raha tsy izany dia nanana fahaterahana tsy ara-dalàna iray tamin'ny alàlan'ny fanahy roa Izy.

Dogma Katolika izany, fa tsy fampianarana ara-Baiboly iray mihitsy. Nitondra an'izany Martin Luther, niaraka tamin'ny Katolisisma maro hafa izay ao anatin'ny fiangonana Loterana. Nanaraka an'izany i Wesley. Ary mbola mitohy foana izany, saingy fahadisoana iray ilay izy. Tsy izany no Fahamarinana. Tsy izany mihitsy, tsy Foto-pampianarana ara-Baiboly mihitsy izany. Tsy didy iray ao amin'ny Baiboly mihitsy izany, ny mampianatra Andriamanitra telo.

Andriamanitra anankiray no misy. Hoy Jesosy hoe, "Henoy, O ry Isiraely, Izaho no Tompo Andriamanitrareo, Andriamanitra iray," fa tsy Andriamanitra telo.

130 Any Afrika, dia manao batisa izy ireo indray mandeha ho an'ny Ray, indray mandeha ho an'ny Zanaka, ary indray mandeha ho an'ny Fanahy Masina. Ary tamin'izay fotoana izay dia tonga ilay Jiosy mampalahelo iray, nanao hoe, "Iza amin'izy ireo no Andriamanitrareo? Iza no izy, ilay Ray, Zanaka, sa Fanahy Masina?" Izy ireo dia, izy telo rehetra, Iray. Ny Baiboly no nilaza fa Iray izy ireo.

131 Jesosy dia trano iray izay nipetrahan'Andriamanitra. Ny Baiboly no nilaza fa—fa, Timoty Voalohany 3:16, "Tsy misy *fifanoherana*," (izany hoe, "adi-hevitra") "fa lehibe ny zava-miafina ny amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra. Fa

Andriamanitra dia voaseho tao amin'ny nofo, hitan'ny Anjely, nakarina tany . . . notoriana, ninoana, ary nakarina tany amin'ny Voninahitra." Izany Andriamanitra. Hoy ny Baiboly hoe, "Ny Anarany dia hantsoina hoe *Imanoela*, izay raha adika dia, 'Amintsika Andriamanitra.'" Ny Baiboly no nilaza, hoe, "Jesosy, tao Aminy no nitoeran'ny fahafenoan'ny maha-Andriamanitra ara-batana."

132 Araka ny nahazoantsika azy indray hariva: Andriamanitra, tany amin'ny voalohany, dia Fanahy. Ary avy eo, avy tamin'Andriamanitra, no nivoaka ny Logos, na ny teofania, izay endrik'olona iray, nantsoina hoe ny Zanak'Andriamanitra, voalaza mialoha. Tonga teto an-tany Izy, tao amin'ny vatan'ny nofo iray, talohan'ny Nahatongavany tao amin'i Jesosy Kristy mihitsy aza. Ankehitriny dia atelomy indray mandeha izany, rahalahy. Ho porofoiko aminareo izany.

133 Rehefa, rehefa nahita Azy i Mosesy. Hoy izy hoe, "Avelao aho hahita ny Endrikao, Tompo." Dia nanafina azy tao anatin'ny vatolampy Andriamanitra. Ary rehefa nandalo Izy, dia hoy izy hoe, "Ampahan-damosin'ny lehilahy iray izany." Io Teofania io izany. Marina tokoa izany.

Avy eo, dia tsy maintsy tonga nofo io Teofania io. Tsy Olona hafa iray, fa ilay Olona iray ihany no tsy maintsy lasa nofo, mba hanaisotra ny fanindronan'ny fahafatesana.

Tahaka ny tantely iray rehefa manindrona izy, avelany ilay fanindronana. Ary izy tsy namela mihitsy an'io . . . Afaka nametraka fanindronana iray ao anatin'ny nofon'olombelona izy satria fahotana izany. Saingy, rahalahy, rehefa nanindrona an'io nofon'i Imanoela io izy, dia veriny ny fanindronany. Eny, tompoko. Afaka mimonomonona izy saingy tsy manana fanindronana intsony.

134 Tsy mahagaga, i Paoly, rehefa nandeha hanapaka ny lohany izy ireo, hoy izy, "O ry fahafatesana, aiza ny fanindronanao? Afaka mimonomonona sy misamonomonona betsaka arak'izay tianao ianao. Ry Fasana, aiza ny fandresenao? Fa isaorana Andriamanitra izay manome antsika ny fandresena amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy." Eo ianareo izao.

Nila an'Andriamanitra Izy tenany ny nanao an'izany. Tonga Izy ary voaseho tao amin'ny nofo. Niverina ho Fanahy Izy.

135 Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, tsy niteny taminay mihitsy ianao, tsy mbola, hoe oviana Andriamanitra no tonga nofo talohan'ny Nahatongavany tao amin'i Kristy."

Rehefa nipetraka teo ambanin'ny tranolainy i Abrahama, indray andro, dia indro tonga ny Anjely roa sy Andriamanitra, nanatona azy, tao amin'ny nofon'olombelona. Nisy vovoka teo amin'ny akanjon'izy ireo ary sasatra, ka nipetraka izy ireo. Dia lasa i Abrahama ka naka an'ilay zanak'omby avy teo amin'ny ombivavy iray, ary namono azy. Dia nanamboatra kôtiletan-

janak'ondry vitsivitsy. Lasa ary naka . . . nangataka an'i Saraha hitondra koban-katsaka kely ary hanivana an'izany, ka hanao galety vitsivitsy. Ary naka dibera kely avy tamin'ilay ombivavy, sy naka rononon-dibera kely. Ary nitondra an'izany teo ka nametraka azy, dia nihinana an'izany Andriamanitra.

136 Haleloia! Izany no antony hoe, "Ny finoako miandrandra Anao, Ianao ry Zanak'ondrin'i Kalvary."

137 Mihevitra ve ianareo fa zavatra goavana iray izany amin'Andriamanitra? Andriamanitra, Izay nanao ny potasy sy kalsioma rehetra, ary ny zavatra rehetra eto amin'izao tontolo izao, no nidina mba hamangy an'i Abrahama Izy. Hoy Izy hoe, "Mihevitra ve ianao fa hanafina an'izany aminao Aho, hita fa ianao no mpandova an'izao tontolo izao?" Amena. "Tsy hanafina an'izany aminao Aho." Andriamanitra dia naka fotsiny ny . . .

138 Vita avy tamin'ny singa enina ambin'ny folo isika. Naka potasy vitsivitsy fotsiny Izy, sy kalsioma vitsivitsy, solika vitsivitsy, hazavana kosmika, ary "Fioo!" "Midira ao anatin'io, ry Gabriela," vatana iray!

139 "Fioo!" "Midira ao anatin'io, ry Zava-mangidy." Izy dia niditra tao anatin'izany.

Anjely roa, avy tany An-danitra!

140 Naninji-tànana Andriamanitra ka naka eran'ny tànana tamin'izany, "Fioo," niditra tao anatin'izany, ny Tenany. Nidina, ary noana. Isaorana . . . Ahoana ny amin'izany, ry rahalahy Advantista izay tsy hihinan-kena? Ho tonga eo amin'izany isika, afaka fotoana fohy. Andriamanitra Tsitoha, Jehovah, jereo raha tsy io Anarana iray io ihany no voadika ho ilay Anankiray ihany teo amin'ilay roimemy mirehitra! Haleloia!

Ary rehefa nitsangana teto an-tany Izy, dia hoy Izy hoe, "Talohan'ny nisian'i Abrahama, dia IZAHO NO IZY, io Anankiray teo amin'ilay roimemy mirehitra io ihany." Marina izany, Elohima, jereo raha tsy iray ihany izany. Izy no ilay Anankiray izay tao amin'ilay roimemy mirehitra.

141 Izy no ilay Anankiray teo amin'ny fanatrehan'i Abrahama, tao amin'ny vatan'ny nofo iray, izay nihinana an'ilay zanak'omby, sy nisotro an'ilay ronono avy tamin'ny ombivavy, ary nihinana dibera teo amin'ireo galety. Isaorana anie ny Anarana Masin'Andriamanitra! Nidina teo avy hatrany ary nanao hoe, "Tsy hiala Aho . . . "

Ary nampitodika ny Lamosiny Izy. Hoy Izy hoe, "Abrahama, hamangy anao Aho, ka hahazo an'io zaza io ianao. Zato taona ianao ankehitriny, ary sivifolo i Saraha." Ary Saraha, tao anatin'ny tranolay, dia nanao hoe, "Ha!" nihomehy. Hoy Izy hoe, "Inona no nanao an'i Saraha hihomehy?" Taoriany; ilay tranolay teo anelanelan'izy ireo.

142 Hoy i Abrahama hoe, "Saraha, nihomehy ve ianao?"

143 "Tsia, tsy nihomehy mihitsy aho."

144 Hoy Izy, "Eny, nihomehy ianao." Karazana fifandraisana ara-tsaina iray inona izany? Karazana famakian-tsaina iray inona izany?

Manao an'ilay zavatra iray ihany Izy amin'izao andro izao. Izy no Jehovah-jire, Jehovah-rafa, ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Tsy diso mihitsy Izy.

145 Jereo Izy. Mitsangana eo Izy. Nandroso sy niresaka tamin'i Abrahama; ary nanjavona, teo imasony. Ary Abrahama ilay patriarka lehibe dia nilaza fa izy "dia niresaka nifanatrika tamin'Andriamanitra, Elohima," ilay Andriamanitra iray ihany. Azonareo ve ilay izy? Tsy hoe Olona telo, rahalahy. Asa telo an'ilay Olona iray ihany!

146 Tahaka an'izany ihany tany amin'ny voalohany, Izy io Fanahy Lehibe io, Loharano izay misy ny fahatokiana rehetra, ny fitiavana rehetra, ny fiadanana rehetra. Ny zavatra rehetra izay nadio dia tao anatin'io Loharano io. Nanomboka nanamboatra vatana iray Izany, teofania iray, ilay karazana vatana izay handehanantsika. Tsy vatana nomem-boninahitra iray, fa vatan'anjely iray, mitovy; manana toe-batana, endrika.

147 Isaky ny mahita hazo iray aho, dia mieritreritra aho hoe, "Ity hazo ity no negatifa. Misy pozitifa iray any ho any." Vita avy tamin'ny zavatra iray ity hazo ity. Fahaizana iray no nanao azy. Ary ity tany rehetra ity dia taratry ny any An-danitra. Ny Baiboly no niteny an'izany. Ary raha misy hazo iray eto tsy maintsy ho levona, dia misy anankiray any amin'ny Voninahitra izay tsy ho levona.

148 Raha mahita lehilahy iray aho, mahita mpivady tanora kely maha-te-ho tia, lehilahy iray sy ny vadiny, mandeha eny an-dàlambe, mpifankatia miaraka, dia inona no tarafin'izany? Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo! Misy anankiray any An-danitra izay tsy ho levona mihitsy. "Raha ravàna ity tabernaklan'ny tany ity, dia manana anankiray isika efa miandry, ilay teofania."

149 Noho izany dia azonareo ilay trinite: ilay Fanahy lehibe, monina ao anatin'ny Zanaka, Jesosy; Jesosy monina ao amin'ny Fiangonana. "Amin'izany andro izany, dia ho fantatrareo fa Izaho ao amin'ny Ray, ny Ray ato Amiko, ary Izaho ao aminareo." [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Izay rehetra naha-Andriamanitra, dia Narotsany tao amin'i Jesosy; izay rehetra naha-Jesosy, dia Narotsany tao amin'ny Fiangonana. Eo ianareo izao. "Izaho ao amin'ny Ray, ny Ray ato Amiko; Izaho ao aminareo, ary ianareo ato Amiko." Io ilay—io ilay Vatana.

150 Izany no olana amin'ny fiangonana. Efa nampianarina zavatra tsy misy vidiny, tsy misy dikany, foto-pampianaram-behivavy antitra izy ireo, mitsangatsangana ary manao lasopy sakafo hariva sy fetin-karatra. Tsy mahagaga raha

manana andiam-pahapotehana izay ananantsika isika. Tsy mila fandaharan'ankizy sy lasopy sakafo hariva kely isika. Ny ilaintsika dia Filazantsara tranainy matanjaka iray, ary lehilahin'ny finoana miaraka amin'ny sabatra voatsoaka eo, ary manao fihaikana. Ny ilaintsika amin'izao andro izao, tsy teolojia tsy misy vidiny iray sy foto-kevitra iray avy amin'ny anjomara nataon'olona. Mila Filazantsara matanjaka voatory ao amin'ny Hazavana sy ny Hery ary ny fanehoana ny Fanahy Masina isika.

151 Mariho eto ankehitriny.

> Araka ny nolazainy, *izy dia* nametra *andro* hafa iray, *milaza ao amin'i Davida,* . . .
>
> . . . *raha Josoa* no efa *nanome azy ireo fitsaharana,* . . . *izy ve dia tsy* . . . *ho niresaka ny amin'ny andro hafa iray.*
>
> Fa *mbola misy* . . . *fitsaharana iray ho an'ny olon'Andriamanitra.*
>
> *Fa izay* efa *niditra tao amin'ny fitsaharany,* . . . *dia nitsahatra tamin'ireo asany manokana, tahaka an'Andriamanitra tamin'ny azy.*

152 Ankehitriny dia aiza no ho vakiantsika? Matio, ny roapolo- . . . Ny toko faha-11, andininy faha-27.

> *Ny zavatra rehetra* izay *natolotry* ny Ray *ahy, dia natolotry ny Raiko ahy,* raha ny marina: *ary tsy misy olona mahafantatra ny Zanaka, afa-tsy ny Ray;* (Eny àry.) *tsy misy olona mahafantatra ny Ray koa, afa-tsy ny Zanaka, sy izay tian'ny Zanaka hanambarana azy.*

153 Hitanareo, ilay izy dia tsy hoe firy no ianaranareo, firy no—no tian'ny eveka ho fantatrareo. Ilay izy dia hoe firy no tian'Andriamanitra ho fantatrareo. Raha tsy afaka mahita an'io Fanambarana io ianareo, dia aza manontany ny eveka. Anontanio Andriamanitra. Aza manontany ny pasiteranareo. Anontanio Andriamanitra. "Ny Zanaka no manambara Azy," *Izy*, mpisolo anarana.

154 Henoy. Hanaitra anareo ity. Ity ilay didy. Hoy i Paoly hoe, "Raha namela andro hafa iray Izy, dia ho Noteneniny izany." Fa ity no Nolazainy.

> *Mankanesa aty amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa izaho hanome anareo ny* sabata, *fitsaharana.*
>
> *Ento eo* aminareo *ny ziogako, ary mianara amiko; fa malemy fanahy sady tsy miavona* am-*po aho: ary* ianareo *hahita* sabata *ho an'ny* fanahi*nareo*.
>
> *Fa mora ny ziogako, ary ny* entako dia *maivana.*

155 Diniho izay nolazain'i Paoly.

. . . raha Josoa no efa *nanome fitsaharana ho azy ireo, . . .* izy dia *ho* niresaka *ny amin'ny andro hafa iray.*

Fa *izy dia* nametra *a . . . andro iray,* milaza ao amin'i *Davida, . . . fotoana ela be taty aoriana; . . .* raha *mihaino ny feony* ianareo, *dia aza manamafy ny* fonareo.

"Ary mbola misy . . ." Henoy ankehitriny, ny andininy faha-9.

Mbola misy noho izany fitsaharana iray, sabata iray, *ho an'ny olon'Andriamanitra.*

Satria izay, ny lehilahy na vehivavy, *izay* efa *niditra tao amin'ny fitsaharany . . .*

"Mankanesa aty Amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana. Izaho hanome anareo fitsaharana."

. . . efa nitsahatra tamin'ireo . . . asany, tahaka an'Andriamanitra tamin'ny azy.

156 Mety efa roapolo taona ianareo. Mety efa telopolo taona ianareo. Mety efa dimampolo taona ianareo. Fa amin'ilay minitra izay andrenesanareo ny Feon'Andriamanitra mandondòna eo amin'ny fonareo, dia aza manamafy an'izany. Amin'izay fotoana izay dia miditra . . . "Izay mandre Ny Teniko, mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana mandrakizay, Mandrakizay, ary tsy ho tonga amin'ny fanamelohana fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana."

157 "Hono ho'aho, Rahalahy Branham, inona no mitranga?" Mandray ny Fanahy Masina ianareo. Miditra ao anatinareo Kristy. Marina ve izany?

158 Mamadiha miaraka amiko ao amin'ny Isaia, ny toko faha-28, ka ndao isika hamaky. Isaia, ny toko faha-28, hahita izay nolazain'ny mpaminany mikasika an'izany. Matio . . . 28, manomboka amin'ny andininy faha-8. Ity ilay toeran-tsarotry ny andro farany. Hamarana isika afaka iray minitra.

Fa ny latabatra rehetra dia ho, dia *feno lò ka . . . tsy misy toerana madio.*

159 Mamelà ahy hijanona iray minitra. Araka ny nolazain'i Ernie indray hariva, niresaka tamin'ny olona iray izy. Ernie Fandler, ity rahalahy eto ity avy any Soisa, hoy izy hoe, "Nijanona aho ka namela an'izany hilentika."

160 Tiako hilentika ity.

. . . tsy misy toerana madio.

Fa ho feno *lò* ny *latabatra rehetra . . .*

Ary tahaka ny *alika* mandeha mankeo amin'ny *lòany . . . sy* ny *kisoavavy . . . mankeo amin'ny* fotany, dia toy izany koa no iverenan'ny olona.

161 Inona ny olana aminareo Metodista? Nanana ny Hazavana ianareo taloha. Inona no nitranga? Nanaisotra an'Izany teo an-tànanareo Andriamanitra, ka Nomeny an'ireo Nazareana Izany.

Inona no nitranga taminareo Nazareana? Nanana ny Hazavana ianareo fahiny. Nanaisotra an'Izany teo an-tànanareo Andriamanitra ka nanome an'Izany ho an'ireo Pentekotista. Marina. Ianareo fiangonan'Andriamanitra sy ny sisa aminareo vahoakan'ny fahamasinana, satria nolavinareo ny Hazavana, nanao anaram-piangonana ho an'ny tenanareo ianareo ka nanao hoe, "Tsy hino ankoatran'*ity* izahay," dia nanohy nandeha avy hatrany Andriamanitra ka naneho taminareo fa nanana vahoaka izay hanaraka Azy Izy.

162 Inona no nitranga taminareo Pentekotista? Nanana ny Hazavana ianareo. Nesorin'Andriamanitra taminareo Izany.

Manohy mandeha ilay Andry Afo. Isaky ny nifindra ilay Andry Afo, dia nifindra niaraka tamin'Izany ilay Fiangonana.

Ary rehefa nandrafitra i Luther, nivoaka avy tao amin'ny fiangonana Katolika, ny fiangonany manokana, dia nifindra ilay Andry Afo ka i Wesley no nandeha niaraka tamin'Izany.

Nandrafitra i Wesley ary nanao ny anaram-piangonany, dia nifindra ilay Andry Afo ka ireo Nazareana no nandeha niaraka tamin'Izany.

Nandrafitra ireo Nazareana, dia ny fiangonan'Andriamanitra no nandeha niaraka tamin'Izany; ary nilaza fa tsy anaram-piangonana iray izy ireo, nefa izany izy ireo.

163 Avy eo dia inona no nitranga? Ny zavatra manaraka nitranga, dia ireo Pentekotista no nahita an'ilay Afo, ary nanaraka izy ireo. Ary inona no nataon'izy ireo? Nanao foto-pampianarana avy amin'ny fiteny tsy fantatra, ka nandrafitra an'izany hoe, "Tsy maintsy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny olona rehetra alohan'ny ahazoan'izy ireo ny Fanahy Masina," tamin'izay fotoana izay dia niala avy hatrany Andriamanitra ka namela anareo hipetraka eo amin'izay misy anareo.

164 Inona no nitranga taminareo an'ny Tokana? Nahita ny batisa ianareo, Anaran'i Jesosy. Nanao foto-pampianarana avy tamin'izany ianareo, ary nampisaraka ny tenanareo tamin'ny sisa tamin'Izany, ka niala avy hatrany Andriamanitra ary namela anareo nipetraka teo. Marina.

165 Inona no nitranga taminareo Assemblées de Dieu, ilay Filankevitra Ambony fahiny? Nanao rafi-pandaminana iray avy amin'ny anareo ianareo, ka niala avy hatrany Andriamanitra ary namela anareo hipetraka. Ary tsy misy afa-tsy andiany iray mangatsiaka, ara-pototra tahaka ny sisa amin'izy ireo ianareo.

Ary manohy ilay Andry Afo. Haleloia!

. . . *feno lò ny latabatra rehetra* . . .

166 Jereo ny Sakafo harivan'ny Tompo. Nahoana, izy ireo aza . . . Tany amin'ny toerana iray izay andraisan'izy ireo mofo boribory tranainy aho. Nefa ilay mofo dia tokony ho vita tamin'ny mofo tsy misy masirasira. Ary atolotr'izy ireo an'ireo mpanota izany, ireo mpifoka sigara, mpivarotena, mpijangajanga, raha mbola manana ny anarany eo amin'ilay boky foana izy ireo.

167 Ary na ianareo Batista aza dia miantso an'izany hoe fandraisana "mikatona." Ankehitriny, dia mitsoka kely ianareo Batista, fa hanaisotra ny anjombonareo Andriamanitra. Marina tokoa izany, tsy ho afaka hampaneno an'izany ianareo. Fandraisana "mikatona," mampisaraka ny tenanareo ianareo, toy ny hoe masina kokoa noho ianao aho.

Tsarovy, tabernakla Batista iray ity. Izany no azonareo, mandrafitra ny anareo ianareo. "Oh," hoy ianareo, "tsy rafi-pandaminana iray izahay." Eny, izany ianareo. Izany tokoa, izany ianareo. Hoy ianareo hoe, "Fiombonana iray izahay." Hia, ho an'ny olona rehetra izay miditra eo amin'ny varavarana ka mampianatra fotsiny ny fomba inoanareo an'izany, dia mety tsara izany. Saingy, ilay anankiray, ianareo—tsy handroaka azy ianareo, fa hanala azy amin'ny firahalahianareo. Marina tokoa izany. Oh, manana fomba iray fanaovana an'izany ianareo. Toy izany koa no ananan'Andriamanitra fomba iray fanaovana an'izany. Fa handroso ny Fiangonan'Andriamanitra. Tsy hahatanty an'izany ilay Andry Afo.

. . . *feno lò ny latabatra rehetra* . . .

168 Henoy ankehitriny. Hanaitra anareo iray minitra fotsiny ity ankehitriny. Henoy. Hamaky ny Teny aho. Iza ity? Ilay mpaminany, Isaia.

> . . . *feno lò ny latabatra rehetra* . . . noho izany *dia tsy misy* na inona na inona *madio,* alika mihinana alika fotsiny.

169 Tonga ao am-piangonana: ireo vehivavy manabory, manapaka ny volony, manao sorta, mivoaka ary mahita an'ireo lehilahy mandeha eny an-dàlambe; manapak'ahitra eny an-tokontany, ireo zazavavy kely te-handre olona iray hanao an'ilay siokam-bolodaogy na amboadia, na inona na inona ilay izy, fantatrareo hoe, "Fio-fioo!" Oh, mihevitra ianareo fa mahafatifaty, sa tsy izany?

170 Ary ianareo lehilahy mandeha eny an-dàlambe, miaraka amin'ny sigara iray eo amin'ny vavanareo, nefa diakona iray ao amin'ny komity. Mitovy amin'ny omby vositra afa-tandroka iray an'i Texas ianareo. Ary avy eo dia mihevitra ianareo fa olona hafa iray. Marina tokoa izany. Tsy mahagaga raha ny latabatra rehetra . . . Manatona ianareo ary mandray ny fandraisana, ary mihetsika toy ny hoe olona hafa iray ianareo, nefa misandoka sy mangalatra ary mandainga, mandritry ny herinandro. Inona ny olana aminareo?

. . .feno lò ny latabatra rehetra. . .

171 "Oh, mandray ny Sakafo harivan'ny Tompo aho. Azo antoka, manao an'izany izahay ao am-piangonanay. Jesosy no nilaza fa hanangana anay Izy amin'ny andro farany raha handray ny Sakafo harivan'ny Tompo izahay."

172 Saingy, "Izay mihinana sy misotro amin'ny tsi-fahamendrehana, dia mihinana sy misotro ozona ho an'ny tenany, tsy mamantatra ny Tenan'ny Tompo. Fa izany no nahatonga ny maro harary sy halemy eo anivonareo, ary maro no maty," fiangonana antitra, maty, mpanara-pototra. Efa niala taminareo ny Fanahin'Andriamanitra. Tsy ao intsony ilay Andry Afo. Mandà ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra ianareo. Mandà ny fitsanganana ianareo.

173 "Oh," hoy ianareo, "oh, nitsangana tamin'ny maty Izy, ara-tantara." Eny, ahoana ny Aminy ilay tsy miova anio, raha nitsangana tamin'ny maty Izy? Hoy ianareo hoe, "Oh, tsy tahaka an'izany io." Ankehitriny, eo ianareo izao. Manana ny fitsanganana amin'ny fomba itiavanareo azy ianareo, ary Andriamanitra manana an'izany amin'ny fomba Itiavany azy.

174 Fa, ny zavatra amin'ilay izy, ny Baiboly no nilaza, izay fantatsika fa ny Fahamarinana, hoe hanamarina ny Teny Izy. "Ary ireo zavatra izay Ataoko no hataonareo koa. Ary homba anareo foana Aho, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao." "Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Izany no nolazain'ny Teny.

175 Ankehitriny inona ny sabata?

. . .feno lò ny latabatra rehetra. . .tsy misy anankiray *madio.*

Iza *no hampianariny fahalalana?*

Tsy fahalalan'izao tontolo izao; fahalalana ara-panahy!

Iza *no hampianariny fahalalana?. . .iza no Hataony. . .mahazo foto-pampianarana?*

176 "Oh, isaorana Andriamanitra, ny rafi-pandaminanay tsy mino an'Ity. Tsy handefitra amin'Izany izy ireo." . . . tsy ahoako izay inoan'ny rafi-pandaminanareo. Inona no lazain'ny Tenin'Andriamanitra mikasika an'izany? "Oh, eny, ireo pasiteranay, fantatrao, dia nampianarina." Oh, azo antoka. Izany tokoa, manana fianarana tena betsaka, ka namela an'Andriamanitra any ivelan'izany. Marina tokoa, satria afaka miteny amin'izy ireo ny Teny ianareo fa hihodina izy ireo ka hanao hoe, "Eny, tsy tahaka an'izany no inoako an'Izany." Oh, ianareo zavatra sarimbavy! Mamelà ahy hiteny aminareo.

177 Jereo eto.

*. . .*iza *no hataony. . .*hampahafantariny *foto-pampianarana? ireo izay vao notazana niala* nono *ve,*

ary . . . ireo izay nesorina niala tamin'ny ronono, ary ireo nitsaha-nono.

178 Indray andro, dia tonga ny iray tamin'ny mpiara-monina amiko. Hoy izy hoe, "Billy, pasitera anankiray eto amin'ny tanàna, ny olona kely maha-te-ho tia indrindra izay hany hitanao . . . " Hoy izy, "Nipetraka niaraka tamin'ny akanjomandrinay izaho sy ny vadiko, teo amin'ny misasakalina teo, ary niditra io pasitera kely io ka izy—izy—nisotro kafe kely niaraka taminay izy ary nivoaka nankao amin'ny tranon'ilay mpiara-monina hafa, ka nandray tànana azy ireo izy. Nanana lalao karatra kely iray izy ireo, dia nipetraka izy ka nilalao karatra niaraka tamin'izy ireo." Hoy izy, "Oh, izy no lehilahy kely mahay miara-monina indrindra izay hany hitanao." Hoy izy, "Oh, tia azy izahay. Tsy afaka hiala aminy na amin'ny inona na inona mihitsy izahay."

179 Nitsangana vetivety teo aho, nieritreritra hoe, "Eny?"

180 Hoy izy, "Oh, tsy mihevitra ve ianao fa mila lehilahy iray tahaka an'izany ny fiangonana rehetra?" Hah! Tsy afaka namaly an'izany aho. Hoy izy hoe, "Tany amin'ny toerana kely hafa iray," hoy izy, "nanana toerana tena maha-te-ho tia iray izy ireo. Ity mpitoriteny ity sy ny vadiny, olona maha-te-ho tia, dia nandeha ary nikarakara an'ireo ankizy betsaka mihitsy hany izy ireo ka nanana ny—sekoly Biblika iray." Dia hoy izy, "Nanana marobe mihitsy izy ireo, nanao an'ilay zavatra ho hipoka ankizy kely mihitsy." Hoy izy, "Oadray, afaka nitantara an'ireo karazana tantara kely rehetra tamin'ireo ankizy kely izy."

181 Hoy aho hoe, "Mahafinaritra izany. Tena mahafinaritra tokoa izany."

182 Niverina aho. Vao avy tany Canada aho. Nieritreritra aho hoe, "Inty aho. Oadray! Ny olona . . . Inona ny olana amiko? Tsy manao an'izany aho." Lasa aho nanasa ny fiarako. Nieritreritra aho hoe, "Andriamanitra, ho lasa lehilahy antitra iray aho, ary inty aho. Efa niady aho. Efa nitomany aho. Efa niangavy aho. Nefa ny zavatra rehetra izay azoko dia fitenenan-dratsy goavana iray."

183 Ny zavatra rehetra, dia mamela ny olona iray hilaza zavatra ratsy iray mikasika anareo hoe, "Oh, ilay holy-roller antitra," zavatra tahaka an'izany.

184 Nieritreritra mikasika an'izany aho. Dia tonga tamiko ny Feo iray, nanao hoe, "Mety tsara ireo lehilahy ireo raha manao an'izany izy ireo, saingy Izaho tsy niantso anao mihitsy hanao an'izany. Niantso anao Aho mba handray ny Sabatra ary hitsangana eo tahaka an'i Josoa ka hihaika, rahalahy. Tsy hoe hiadaladala amin'ny fikambanana ratsy iray na rafi-pandaminam-piangonana iray, fa hihaika ny devoly. Mijoroa eo amin'ilay vava-ady, ataovy marina ny marina, ary diso ny diso.

Torio ny Teny dia jereo hoe iza no nanana finoana hinoana Azy. Apetraho eo izy."

185 Nanao haingakaingana aho teo amin'ilay fiara, tamin'ny fotoana rehetra, teo am-panasana. Hoy aho hoe, "Misaotra anao, Tompo. Misaotra anao, Tompo." Nahatsapa ho tsara aho tamin'izay. "Mety tsara ilay izy, Tompo, hihazona azy mafimafy kely kokoa aho, ary tiako ny ho faty miaraka amin'Izany eo antànako."

> . . . iza no azoko *hatao* hahafantatra *foto-pampianarana?* (Henoy.)
>
> *. . . feno lò ny latabatra . . .*
>
> *. . . ireo izay nesorina niala tamin'ny ronono ve, ary ireo nitsaha-nono.*
>
> Diniho ankehitriny.
>
> *Fa didy* tahaka an'izany *anampy—anampy didy, didy anampy didy; . . . fitsipika anampy fitsipika; kely eto, ary kely etsy:*
>
> *Fa amin'ny molotra miambakambaka sy amin'ny* fiteny hafa *no hitenena*ko *amin'ity vahoaka ity.*
>
> *Amin'*izay *nilazana hoe, Ity no* sabata izay hanaova*nareo ny reraka hitsahatra; . . . ity no* famelombelomana: *kanefa tsy nihaino izy ireo.*
>
> Fa *ny tenin'ny* T*OMPO* tonga *tamin'izy ireo* (Nisy olona iray nitory an'Izany.) *didy anampy didy, . . . anampy didy; fitsipika anampy fitsipika, . . . anampy fitsipika; kely eto, ary kely etsy; mba ahafahan'izy ireo handeha, sy hanao dia mianotra, ka ho torotoro, sy ho fandrihana, ary ho samborina.*

186 Inona ny Fitsaharana? Oviana no tonga ny Fitsaharana? Rehefa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra sy nanana molotra niambakambaka ny olona. Molotra miambakambaka; tsy niteny na inona na inona izy ireo. Niambakambaka izy ireo. Oviana izany no nitranga? Tamin'ny Andron'ny Pentekosta, rehefa tonga ny Fanahy Masina. Izany no Fitsaharana: ny Fanahy Masina. Hoy Jesosy hoe, "Mankanesa aty Amiko, ianareo rehetra izay sasatra sy mavesatra entana, fa Izaho hanome anareo Fitsaharana. Izaho hanome anareo Fiainana, Fiainana Mandrakizay," *Zoe*, Fiainan'Andriamanitra manokana. Hiditra ao anatinareo Andriamanitra ary ho ampahanareo. Hanome anareo fahaterahana iray Izy ary hanao anareo zanakalahy sy zanakavavy iray.

187 Diniho ankehitriny. Izany no fitsaharana fahatelo izay Nomeny. Ny voalohany: Andriamanitra nandray azy, avy tamin'ny Asany. Ny faharoa: Isiraely nandray azy, tao amin'ny lalàna. Ny fahatelo: ny Fiangonana nandray Azy, ho ampahan'Andriamanitra.

188 Ny telo dia isan'ny fiainana. Firy no mahafantatra an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Isaky ny mahita telo ianareo, dia fiainana izany. Mariho, rehefa namorona ny tany Andriamanitra, dia fiainana ny tamin'ny andro fahatelo. Firy no mahafantatra an'izany? ["Amena."] Ny andro fahatelo. Tamin'ny andro fahatelon'ny famoronana no tonga ny fiainana.

Ny trinite: ny Ray dia teo ambonin'ny olona, tao anatin'ny Andry Afo iray; ny Zanaka dia Olona iray, Izay niresaka tamin'ny olona ary nanao azy ireo ho vonona; ny Fanahy Masina no dingana fahatelo, dia ny Fanahy Masina, Andriamanitra ao anatin'ny olona. Fiainana! Ray, Zanaka . . .

Ny fitsaharana, an'Andriamanitra; ny fitsaharana, an'ny Isiraely; ary ny Fitsaharana, an'ny Fiangonana, ny fitandremana ny sabata.

189 Noho izany, raha tsy nandray ny Fanahy Masina mihitsy ianareo, tsy mbola, dia tsy niditra tao amin'ny Fitsaharan'Andriamanitra mihitsy. Tsy mila milaza ianareo hoe, "Oh, tsy vitako. Te-hifoka aho. Izaho—tsy mety vitako fotsiny ilay izy; Kristiana iray aho. Tsy te-hisotro marina tokoa aho, nefa Kristiana iray aho. Tsy vitako fotsiny, tsy te-hisotro aho, kanefa tiako ny hisotro."

190 Raha mitsiriritra vehivavy ianareo, raha manao an'ireo zavatra tsy masina rehetra ireo ianareo, dia tsy mbola nahakasika an'io vanim-potoan'ny Fitsaharana io mihitsy. Tsy niditra tao amin'ny Fitsaharanareo mihitsy ianareo.

191 Ary rehefa miditra ao amin'io Fitsaharana io ianareo, dia mitsahatra amin'ny asanareo manokana an'izao tontolo izao, tahaka an'Andriamanitra nitsahatra tamin'ny Azy. Nahoana? Ampahan'Andriamanitra ianareo. Mitsahatra ianareo, Mandrakizay. Eo ianareo izao. Izany no Sabata. "Mankanesa aty Amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra."

> Anio, *dia* nametra *andro anankiray izy, . . . fotoana ela be taty aoriana,* ao amin'i Davida; . . . raha *mihaino ny feony* ianareo, *dia aza manamafy ny fonareo.*

192 Teny iray na roa amboniny fotsiny eto ankehitriny, dia hamarana isika.

> *Fa izay* efa *niditra tao amin'ny fitsaharan'*i Kristy, . . .
>
> *Mankanesa aty amiko,* ianareo *rehetra izay miasa fatratra sy . . . mavesatra entana . . .*
>
> . . . ianareo efa *nitsahatra tamin'ny asa*nareo *manokana, tahaka an'Andriamanitra tamin'ny azy,* tamin'ny andro fahafito.

Ny anareo mety tamin'ny faha-telopolo taona, ny faha-efapolo taona, ny faha-dimampolo taona, na inona na inona ilay izy. Efa nitsahatra tamin'ny asanareo ianareo, tahaka an'Andriamanitra tamin'ny Azy, Mandrakizay. Tsy mila an'ireo

zavatr'izao tontolo izao intsony ianareo. Maty izao tontolo izao aminareo.

193 Ankehitriny, ny andininy faha-11 ankehitriny, henoy tsara.

Koa aoka isika hazoto hiditra amin'izany fitsaharana izany, (tsy *ity* anankiray *ity,* tsy *ity* anankiray *ity,* fa *Ity* anankiray *ity*), *fandrao hisy olona ho latsaka amin'ny tsi-finoana tahaka an'izany koa.*

194 Inona izany? Eto ny Andry Afo. Miaraka amintsika ilay Anjelin'ny Tompo. Manao an'ilay zavatra iray ihany mihitsy izay Nolazainy fa Hataony Izy. Fa tafintohina ny olona, manao hoe, "Oh, eny, ataoko fa mety tsara Izany. Izany dia tena tsara mihitsy. Oh, ataoko fa mety Izany." Mitandrema tsara mba tsy ho latsaka ao anatin'ilay fandriky ny tsi-finoana iray ihany ianareo. Raiso amin'ny fonareo rehetra Izany.

195 Diniho.

Fa ny tenin'Andriamanitra (tsy ny foto-pampianaran'ny fiangonana)... ny *tenin'Andriamanitra dia* velona, *mahery* lavitra,... *maranitra noho* ny *sabatra roa lela,* (henoy), manindrona *hatrany*...*amin'ny fampisarahana* ny *aina,* ny *fanahy,*...*ny tonona sy* ny *tsoka, ka*...(henoy), *ka mpamantatra ny eritreritra sy* ny *fisainan'ny fo.*

Inona izany? Afaka ho tonga ny Fanahy Masina ka manao hoe, "Ianao dia nanao zavatra *izao-sy-izao*. Ary ianao dia nanao an'*ity* sy nanao an'*itsy*. Ianao dia manana an'*ity* karazana aretina ity, sy *itsy*. Raha hanao an'*ity* hahitsy ianao, hanao an'*itsy*." Hitanareo? Mpamantatra ny eritreritra.

196 Dia hoy ny olona hoe, "Inona io? Nahoana, fifandraisana aratsaina izany. Nahoana, izany dia...Izy dia mpanao hatsarana iray." Hitanareo ve izay tiako ho lazaina? Izany no izao tontolo izao ratsy fanahy, mpijangajanga ratsy izay tsy mahafantatra an'Andriamanitra.

197 "Izany dia velona, mieritreritra, mahery lavitra noho ny sabatra roa lela, ary mpamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo."

Ankehitriny, iza io mahafantatra ny fisainan'ny fo io? Andriamanitra. Hoy ianareo hoe, "Eny, hoy ny Baiboly hoe, 'Ny Tenin'Andriamanitra.'" Ny Tenin'Andriamanitra dia Andriamanitra.

Tamin'ny voalohany ny Teny,...ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra.

Ary ny Teny dia tonga nofo, ka nonina teo anivontsika,...

198 Andriamanitra no mamantatra ny eritreritra. Nanatodika ny lamosiny i Abrahama, ary—ary Andriamanitra koa dia

nanatodika ny Lamosiny tamin'ilay tranolay. Ary nihomehy i Saraha. Dia nitodika Andriamanitra, nanao hoe, "Inona no nanao an'i Saraha nihomehy?" Mpamantatra ny eritreritry ny fo! Tiako hilentika kely izany.

199 Noho izany rehefa nipoitra ity karazana asam-panompoana ity, izay nampanantenain'Andriamanitra amin'ny andro farany, dia inona no nitranga? "Fifandraisana ara-tsaina."

200 Izy ireo ve tsy niantso ny Tompo, Izy tenany hoe, "Belzeboba"? Hoy Izy hoe, "Raha ny Tompon'ny trano no nantsoin'izy ireo hoe 'Belzeboba,' dia tsy mihoatra noho izany ve no hiantsoany an'ireo Mpianany?"

201 Tiako ianareo. Izany no maneho fa liana betsaka ianareo, tsy ilainareo ny ho tonga ao amin'ny tranobe iray misy fampangatsiahan-drivotra mba handre ny Filazantsara. Noana betsaka ny ho tonga eo amin'ny toerana iray tahaka an'ity ianareo. Tsy namela anay hanorina afa-tsy ity mihitsy Andriamanitra. Izao no fomba itiavanay azy. Trano bongo tranainy kely iray fotsiny, saingy izany no itiavanay azy. Tsy monina ao amin'ny mamirapiratra Andriamanitra. Monina ao amin'ny fanetre-tena Andriamanitra. Tahaka an'izao no itiavanay azy. Faly izahay ny tonga, ary ianareo, ihany koa, ny hipetraka ao amin'ny—ny toerana iray tahaka an'ity. Tsy mampaninona na mafana toy ny ahoana aza ny andro, impiry ianareo no tsemboka ao anatin'ny palitaonareo vaovao, ny akanjonareo vaovao, tsy manao fahasamihafana izany.

Mihaino ny Fiainana Mandrakizay ianareo, ny Tenin'Andriamanitra izay mahafantatra ny eritreritry ny fonareo. Ilay Andry Afo izay nihantona teo ambonin'ireo zanak'Isiraely, no mihantona eto izao hariva izao. Afaka mihaika an'izany aho hoe: tsy misy olona iray afaka hitsangana eto eo ambanin'ny herin'ny Fanahy Masina ka tsy manambara ny aminy avy hatrany mihitsy Andriamanitra ary miteny aminy an'izay naha-izy azy. Marina izany. Eo ianareo izao.

202 Inona Izany? Inona Izany? Izany ilay Fanahy iray ihany izay nitarika an'ireo Zanak'Isiraely nankany amin'ny fitsaharany, nefa lavo izy ireo nohon'ny tsi-finoany. Aza lavo ianareo. Ity no anjara farany. Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina, avy ao no iampitan'ny Fiainana.

203 Fanamarinana, Martin Luther, dia mbola endri-pivavahana iray foana. Fanamasinana . . . Martin Luther; John Wesley; ny batisan'ny Fanahy Masina, Fiainana. Ny fanamarinana, dia ny mino; ny fanamasinana, dia ny fanadiovana; ny Fanahy Masina, dia ny famenoana, Fiainana. Tsy amin'ny alàlan'ny taona Loterana; nanana an'Izany tao amin'ny endrika iray izy ireo. Tsy amin'ny alàlan'ny taonan'i Wesley; nanana an'Izany tao amin'ny endrika iray izy ireo. Fa ity no taona izay ahatongavan'ny Fanahy Masina, Izy tenany.

204 Ary raha tsy noraisinareo Izany, dia ahoana no ataonareo, ahafahanareo mino fahagagana? Mila an'Andriamanitra izany, ao anatinareo, mba hino. Mihetsika tahaka an'Andriamanitra ianareo. Mahafantatra tahaka an'Andriamanitra ianareo. Mieritreritra tahaka an'Andriamanitra ianareo. Ny Baiboly no nilaza fa ianareo dia kely, "andriamanitra" kely. Jesosy no niteny an'izany. Satria, ampahan'Andriamanitra ianareo.

Tahaka ahy fotsiny hoe Branham kely iray, ary ianareo dia tsy fantatro hoe iza kely, fa satria izany no anaran'ireo raiamandreninareo. Ny natiora izay maha-izy anareo dia tahaka an'izany ireo raiamandreninareo, satria naterak'izy ireo ianareo.

Ary ny antony inoanareo an'Andriamanitra, sy inoanareo ny fahagagana, sy famantarana ary zava-mahagaga, dia satria zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra ianareo. Mandray Fiainana ianareo. Ny Fiainana no tonga amin'ny fahatelo. Eny àry.

205 Rehefa niakatra teny an-tendrombohitra Jesosy, tany amin'izay rehetra Nandehanany, Izy dia nitondra an'i Petera, Jakoba, ary Jaona, vavolombelona telo. Ny telo dia isan'ny Fiainana. Azonareo ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Fitiavana, fifaliana, fiadanana.

206 Ankehitriny, ndao isika handeha haingana mihitsy hatrany amin'ny faran'ilay toko, haingana mihitsy, raha mamaky isika.

> *Fa ny tenin'Andriamanitra dia* velona, *mahery* lavitra . . . noho ny *sabatra roa lela,* . . . ary mamantatra na dia ny *fisainan'ny fo aza.*
>
> *Tsy misy zava-boahary izay tsy* miseho *eo imasony: fa ny zavatra rehetra dia . . . mihanjahanja eo imason'izay iafaran'ny ataontsika.*

207 Rahalahy, tsy misy lalitra iray afaka mipetraka eo amin'ny andry iray eo, ka tsy Fantany izany. "Ny zavatra rehetra dia mihanjahanja." Rahalahy, Fantany ny zavatra rehetra hany nataonareo, ny eritreritra rehetra izay hany noeritreretinareo. Izany no maha-izy Azy. Tahaka an'izany no inoantsika Azy.

Ary rehefa tonga ao anatintsika Andriamanitra, ka mametraka antsika ao amin'ny Fiangonana, dia mametraka fanomezam-pahasoavana sy ny sisa ao amin'ny Fiangonana Izy, mba hampiasa Ny Vatany. Raha Andriamanitra io Andriamanitra tsy manam-petra io, amin'izay fotoana izay dia manasitrana ny marary Izy. Afaka manangana ny maty Izy. Afaka manadio ny boka Izy, manao ny jamba hahita. Afaka manome fahitana Izy. Afaka manao an'ireo karazan-javatra rehetra ireo Izy, miasa amin'ny alàlan'Ny Fiangonany, satria izany no Andriamanitra ao anatinareo. Izany ilay Fiangonana.

208 Ahoana no mahatonga an'io fiangonana io ho Fiangonana iray, amin'ny fikambanana amin'Izany ve? Tsia, tompoko. Amin'ny fandraisan-tànana ve? Tsia, tompoko. Amin'ny batisan'ny rano ve? Tsia, tompoko. Amin'ny maha-mpikambana ve? Tsia, tompoko. Ahoana no ahatongavanareo eo amin'Izany? "Fa tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny Vatana iray." Eo ianareo izao.

209 Romana 8:1.

Tsy misy fanamelohana noho izany ankehitriny . . .

"Tsy misy fanamelohana avy amin'izao tontolo izao." Tsy afaka miampanga anareo na amin'ny inona na inona izy ireo.

Tsy misy . . . fanamelohana ho an'ireo izay *ao amin'i Kristy Jesosy,* izay *tsy mandeha araka ny nofo, fa araka ny Fanahy.*

210 Eo ianareo izao. Toy izany no hitsarana ny Kristianismanareo. Toy izany no ahafantarana fa niditra tao amin'io Fitsaharana io ianareo, tsy hanelingelina anareo intsony izao tontolo izao. Izany tokoa. Hitanareo ilay izy, dia miala manalavitra an'izany ianareo. Manana zavatra tsaratsara kokoa ho eritreretina ianareo. Eo ianareo izao, "Tsy misy fanamelohana." Toy izany no idirantsika ao amin'ilay Vatana.

211 Ary voaaro ianareo, "Mandrakizay." Ny Baiboly no niteny an'izany. Jereo eto amin'ny Hebreo eto, ny toko faha-10. Hoy izy hoe:

Fa teo amin'izay nisy an'ireo fanaterana ombilahy sy fanatitra, *dia* nisy *ny fahatsiarovana ny* fahotana *isan-taona.*

Fa ity lehilahy ity, . . . tamin'ny *fanatitra anankiray . . .*

Isaorana anie Ny Anarany masina!

Fa tamin'ny fanatitra *anankiray no* efa *nahatanterahany mandrakizay . . .*

212 Haleloia! Tsy hoe hatramin'ny fifohazana manaraka, fa *mandrakizay*. "Efa lasa ny zavatra taloha; ary tonga vaovao ny zavatra rehetra." Mandeha ao amin'ny Hazavana isika, ilay Hazavana tsara tarehy. Hafa no fihiran'ireo vorona.

213 Mipetraka eto, mijery an'io alikaolika kely io aho, teo amin'ny dimy taona lasa izay, heveriko. Rosella, mangira-maso iray, nandeha teny amin'ireo làlamben'i Chicago, mamo, nivembena teny, nandeha tao amin'ny karazam-pahotana rehetra izay nisy, mamolava sy ny zavatra rehetra izay nety naha-izy azy. Fa indray hariva, ny Fanahy Masina, izay velona sy mahery lavitra noho ny sabatra roa lela, no nanao hoe, "Ravehivavy, alikaolika iray ianao." Haleloia! Raha tsy izany ilay Andriamanitra iray ihany izay tany lavitra tany, izay

nahafantatra fa nihomehy Taoriany i Saraha, dia tsy fantatro hoe inona Izy.

214 Teo amin'ny mpanatrika nankeo amin'ny vehivavy kely hafa iray. Lasa izy ary nitondra, sy nampiditra azy teo. Hoy Izy, "Mpandray zava-mahadomelina iray ianao." Toy ny ahoana no Amantarany an'ireo eritreritry ny fisainana!

215 Ary mpitoriteny aristokraty goavana be iray nipetraka teo, izay nanana fitoriana filazantsara nanerana an'izao tontolo izao, niaraka tamin'ny tànany nikombona, nanao T-shirt, nihevitra fa tsy nahafantatra azy izahay, toy ny hoe afaka mipetraka eo amin'ny fivoriana iray tahaka an'izany izy ireo ka tsy hanambara Andriamanitra hoe iza izy ireo. Nipetraka teo, toa hafa, toy ny hoe olon-kafa izy ireo. Ny Fanahy Masina no nahafantatra hoe iza izy ireo. Ary nipetraka teo izy ireo, tao am-pony, nihevitra fa fifandraisana ara-tsaina Izany. Tsy mahafantatra an'Andriamanitra betsaka noho ny ahafantaran'ny Hottentot iray mikasika ny alina Egyptiana. Marina izany. Mahafantatra an'Izany amin'ny alàlan'ny soratra izy ireo, fa tsy amin'ny alàlan'ny Fanahy. "Ny soratra mamono, fa ny Fanahy no manome Fiainana." Izay ilay izy. Izay ilay hevitra. "Velona, mahery lavitra noho ny sabatra roa lela, Mpamantatra ny eritreritry ny fo."

216 Henoy. Diniho.

> *Tsy misy zava-boahary izay tsy* miseho *eo imasony: fa ny zavatra rehetra dia mitanjaka sy* mihanjahanja eo anatrehan'ny *maso*ny ho *azy . . . izay iafaran'ny ataontsika* amin'izany.
>
> *Koa satria manana mpisoronabe lehibe isika . . .* (Henoy ankehitriny; ho an'ny marary.) . . . *izay* efa *namaky ny lanitra, Jesosy ilay Zanak'Andriamanitra, dia ndao isika hihazona mafy ny* fiaiken*tsika*.

217 "Mihazona mafy," izany dia tsy midika hoe manohy mijoro vavolombelona fotsiny. Raha tsy miaina an'ilay fiainana ianareo, dia tsy mihazona mafy an'izany; miaina zavatra iray ara-pihatsarambelatsihy ianareo. Ianareo dia . . . Tsaratsara kokoa aminareo ny manohy ary milaza fotsiny fa mpanota iray ianareo ary manadino ny mikasika an'izany. Aza milaza ho Kristiana iray, miainà zavatra hafa; ianareo no vato manafintohina indrindra izay hany nananan'izao tontolo izao. Raha mpanota iray ianareo, dia ekeo izany ary, manohiza, aoka hahitsy amin'Andriamanitra. Raha Kristiana iray ianareo, dia hazòny mafy ny fiaikenareo, mijanòna eo.

218 Diniho ity ankehitriny. Tiako ny hampiditra an'ity alohan'ny hialantsika mihitsy.

> *Fa tsy manana mpisoronabe iray isika* izay *tsy azo kasihan'ny fahatsapan'ny fahalementsika; fa izay*

nalaim-panahy tamin'ny zavatra rehetra tahaka . . . antsika, kanefa tsy nanota.

Henoy.

Koa aoka isika hanatona am-pahasahiana eo *amin'ny seza fiandrianan'ny fahasoavana, mba* ahafahan*tsika mahazo famindrampo, sy mahita fahasoavana* ary *famonjena amin'*ny *andro mahory.*

Isaorana anie ny Anaran'Andriamanitra!

219 Henoy, ry Batista, Presbyterana, Loterana. Hametraka an'ity fanontaniana ity amiko ianareo hoe, "Nino an'Andriamanitra i Abrahama, ary nisaina ho fahamarinany izany." Fantatro. Eo foana no andehananareo. Marina izany. "Inona no azon'ny olona iray atao afa-tsy ny mino an'Andriamanitra?" Tena marina tokoa izany. Izay ihany no azony atao. Saingy rehefa manaiky an'io finoana io Andriamanitra, dia manome anareo ny Fanahy Masina Izy.

220 "Ankehitriny dia inona no ataoko, Rahalahy Branham? Mihiakiaka ve aho?" Tsy dia ilaina loatra. "Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ve aho?" Tsy dia ilaina loatra. Afaka mihiakiaka sy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, izy roa, nefa mbola miaina foana tahaka ny—tahaka ny mpanompo sampy iray, ary mbola mitsiriritra vehivavy foana. Mbola afaka mifoka sy misotro foana ianareo, sy ny zavatra hafa rehetra. Efa nahita olona niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho, nefa nanohy avy hatrany ka nanao fifanarahana sasany ratsy indrindra, tsy mahitsy izay hany hitako. Efa nahita azy ireo nihiakiaka aho, ary nitomany nanao ranomasom-boay, nefa nangalatra ny zavatra rehetra izay azonareo rambasana. Efa nahita azy ireo nivoaka aho, nefa rehefa mandeha eny an-dàlambe ny zazavavy rehetra, dia nitodika. Ah-hah. Izany no famantarana tsara iray fa tsy manana Azy ianareo. Marina izany.

221 Fa, rahalahy, rehefa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana ianareo, dia lasa maty ireo zavatra rehetra ireo, ary olom-baovao ao amin'i Kristy Jesosy ianareo. Raha mahita zavatra ratsy ianareo, dia hivavaka ho an'izany hoe, "Mamindrà fo Andriamanitra." Ary raha mahita olana ianareo, raha tokony handeha ka hitakoritsika, ary miezaka ny hanao an'ilay izy ho ratsy kokoa, dia hiezaka hankeo amin'ilay olona ianareo ka hanitsy azy, ary handamina an'izany haingana mihitsy. Izany no Fanahin'Andriamanitra ao anatinareo.

222 Raha manao fahadisoana iray ve ianareo? Natao ho tratran'izy ireny ianareo. Raha manao fahadisoana iray ianareo, dia hanitsy an'izany haingana mihitsy. "Aza mamela ny fahatezeranareo ho tratry ny masoandro milentika." Izany no ahafantaranareo fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana ianareo, manana fitiavana ianareo, fiadanana, fifaliana, fahari-po, fahatsaram-panahy, fahamoram-panahy,

faharetana. Manana Mpisoronabe iray isika mipetraka any An-danitra, vonona ny hanao fanelanelanana eo amin'ny filazantsika. Inona izany? Izany dia tamin'i Jesosy niverina nankao amin'ilay Logos, ilay Andry Afo izay nitarika ny zanak'Isiraely, mipetraka eo amin'ny Fanatrehan'ireo lehibe, loharano, avan'ny Hazavana izay mivoaka, ireo Fanahy fito tanteraka, Fanahim-pitiavana tanteraka iray.

223 Diniho ankehitriny. Ny voalohany dia ilay fitiavana *tanteraka*, izany no fitiavan'Andriamanitra, mangarangarana sy tsy mifangaro. Ny manaraka, miditra eo, dia ny fitiavana *fileo*, izany no fitiavana izay anananareo ho an'ny vadinareo sy ny zanakareo. Ny manaraka, milatsaka aorian'izany, dia ny fitiavana *ara-pilàna*. Ny manaraka dia ny fitiavana *tsy masina*. Dia manohy midina fotsiny mandra-pahatonga azy ho *maloto*, manohy simba fotsiny, simba.

224 Ary ny zavatra rehetra izay nanana fiandohana iray, dia manana fiafarana iray. Ary io rehetra io dia ho esorina avy hatrany, ary tsy misy fahatsiarovana azy intsony, mihitsy, ka hiverina avy hatrany eo amin'ilay tanteraka, indray andro any. Ary ny fomba tokana . . . Tsy afaka hijanona eto ianareo, eo amin'ny antsasa-dàlan'ilay làlana, ka ho tonga *eto* ambony eto. Tsy maintsy tafiditra tanteraka ianareo, matoky, mitsahatra manontolo eo amin'ny famonjena izay nomen'i Jesosy Kristy anareo, amin'ny finoana.

225 Misy Fanahin'ny hitsim-po iray avy amin'Andriamanitra. Izany dia ilay loharano, loharanon'Andriamanitra. Izany no hitsim-po. Ny manaraka dia ilay olona izay hanao "asa soa iray" ho an'ny mpiara-monina aminy. Ny manaraka dia ilay zalahy, "tokony hitandrina ny aminy ianareo." Ny manaraka dia ilay zalahy, "izay mpangalatra iray." Ny manaraka dia ilay zalahy, "izay mpamono olona iray," mpamono amin'ny fitaovam-piadiana. Hitanareo ve hoe ahoana no animban'ilay izy, manohy midina avy hatrany? Fa ireo zavatra rehetra ireo dia miresaka tena misy iray.

226 Izany no lazaiko. Isaky ny mahita olona iray ianareo izay . . . Mahita mpivady kely iray ianareo mandeha eny an-dàlambe, mpifankatia, valopolo taona angamba izy ireo. Izany dia miresaka fotsiny ihany fa any An-danitra dia misy mpivady tanora iray izay maneho azy ireo, any An-danitra. "Raha rava ity tabernaklan'ny tany ity, dia manana anankiray isika Any."

227 Raha mahita lehilahy iray ianareo izay misoloky, mangalatra, mandainga, dia tsarovy fotsiny, fa ny ampahany dia miandry any amin'ny helo, ho azy, ny toerany izay hampijaliana azy eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra sy ireo Anjely masina, miaraka amin'ny afo sy solifara. Hampijaliana izy any. Tsy hoe mandrakizay, tsy afaka ny ho ampijaliana mandrakizay izy, mandrakizay dia tsy midika hoe rehetra, mandritry ny fotoana

rehetra. Ny Mandrakizay [Amin'ny teny Anglisy dia Eternity—Mpand] dia mandrakizay [Amin'ny teny Anglisy dia forever,] ny Mandrakizay [Eternity] dia . . . tsy manana fiandohana na fiafarana. Fa ny *mandrakizay [forever]* dia "elanelam-potoana iray." Hoy ny Baiboly hoe, "Mandrakizay sy," fanohizan-teny, "mandrakizay." Nilaza i Jona fa izy dia tao anatin'ny kibon-trozona "mandrakizay."["forever."] Izany dia elanelam-potoana iray.

228 Fa, jereo, Fiainana Mandrakizay anankiray ihany no misy, ary Andriamanitra izany. Ary raha ho ampijaliana mandrakizay ianareo, ka tsy mety maty mihitsy, dia manana Fiainana Mandrakizay ianareo. Tsy afaka ny ho ampijaliana mandrakizay ianareo . . . Mety ho ampijaliana mandritry ny zato tapitrisa taona ianareo, eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra sy ireo Anjely masina, miaraka amin'ny afo sy solifara. Tsy fantatro hoe mandra-pahoviana no nanendrena an'izany. Fa ho tonga eo amin'ny fiafarana iray izany satria nanana fiandohana iray. Fa Andriamanitra irery ihany no manana Fiainana Mandrakizay. "Izay mandre Ny Teniko, ka mino Izay naniraka Ahy," dia tsy manana fiainana *mandrakizay*, "izy no manana Fiainana Mandrakizay." Ilay Fiainana izay nanomboka, tsy avy tamin'ny inona na inona *teto*. Fa Tany ambony indrindra tany, Fiainana Mandrakizay, *Zoe*, Fiainan'Andriamanitra Manokana izay midina ary monina ao anatin'ny olona, ka Mandrakizay miaraka amin'Andriamanitra izy, ary tsy mety maty. Izany no nolazain'ny Teny.

229 Eritrereto fotsiny izany. Misy Fiainana Mandrakizay anankiroa ve? Tsy afaka mamaly an'izany ianareo, sa tsy izany? Fiainana Mandrakizay anankiray no misy, ary izany dia ny Fiainan'Andriamanitra. Ity karazam-piainana hafa ity, tsy mampaninona na inona ilay izy na inona, dia manana fiafarana iray izy. Ary ny zavatra rehetra izay nanana fiandohana iray dia manana fiafarana iray. Fa ny zavatra rehetra izay tsy nanana fiandohana dia tsy manana fiafarana. Ary Andriamanitra no nilaza fa Izy no hanome antsika Fiainana Mandrakizay, tsy misy fiandohana, natao Ampahany fotsiny isika. Ary ilay Fiainana izay ao anatintsika tokoa, dia tsy nentina teto tamin'ny alàlan'ny natioran'olombelona. Nanome antsika fanahy iray ny natiora, saingy maty io fanahy io, ary nandray ny Fanahin'Andriamanitra isika. Voninahitra ho an'Andriamanitra!

230 Olona iray ve Andriamanitra? Izany tokoa. "Ndao Isika hanao olona tahaka ny Endritsika Manokana." Inona Andriamanitra? Teofania iray, vatana iray. Ary natao tahaka an'izany ny olona tany ka napetraka tao amin'ilay saha. Fa tsy nisy olona hiasa ny tany, tao amin'ireo taovam-panamboloana. Noho izany dia namorona olona avy tamin'ny vovoky ny tany Izy, tao amin'ny fiainam-biby, ary io olona io no niasa ny tany. Ary lavo ny olona, nohon'ny heloka. Marina tokoa. Ary

Andriamanitra, ilay Teofania, dia nidina ary tonga nofo ka nonina teo anivontsika, mba hanavotra ny olona.

231 Noho izany dia tsy misy na inona na inona azonareo atao. Mpanota iray ianareo, eo am-panombohana. Notorotoronina tao amin'ny heloka ianareo. Teraka tamin'ny fahotana ianareo, tonga teto amin'izao tontolo izao niteny lainga. Teraka teto amin'ity izao tontolo izao ity tamin'ny alàlan'ny filàna ara-nofon'ny rainareo sy ny reninareo ianareo. Ary voatendry ho any amin'ny helo arak'izay maha-izy anareo mihitsy ianareo, tsy ahoako izay ataonareo. Mety tsy mandainga mihitsy ianareo, mangalatra; mitandrina ny didy rehetra, sy ny zavatra hafa rehetra; fa handeha any amin'ny helo ianareo, tahaka ny hitsikitsika iray mankany amin'ny akaniny. Fa ny fomba tokana izay hany ahafahanareo ho velona indray, dia ny manaiky ny Fanahy Masina, Fiainana Mandrakizain'Andriamanitra.

232 Inona no nanao anareo amin'izay maha-izy anareo? Tany amin'ny voalohany, rehefa nikotrika ny tany ny Fanahy Masina, dia tsy nisy afa-tsy fipoahan'ny volokano. Dia nipoitra ny voninkazon'ny Paska kely iray. Hoy Andriamanitra hoe, "Tena tsara tarehy ity. Manohiza mikotrika fotsiny." Nipoitra ireo voninkazo. Nipoitra ny ahitra. Nipoitra ireo hazo. Nanidina nivoaka avy teo amin'ny vovoka ireo vorona. Nipoitra ireo biby. Nipoitra ny olona iray.

233 Ankehitriny, ahoana no nahavita an'izany? Tamin'ny alàlan'ny fikotrehan'ny Fanahy Masina, nitondra an'ireo fitaovana niaraka, potasy, kalsioma; nanao an'ireo voninkazo, nanao ny biby, nanao anareo.

234 Ary ankehitriny, dia manana safidy malalaka iray ianareo. Mikotrika anareo indray Andriamanitra, ka manao hoe, "Henonao ve Ny Feoko? Aza manamafy ny fonao, tahaka ny tamin'ny andron'ny fahasosorana." Indro midina Izy, mitory ny Teny.

"Ny Filazantsara izay notoriana tamin'izy ireo dia tsy . . . tsy nisy finoana tao amin'Izany, noho izany dia tsy nahasoa azy ireo Izany." Nandre an'Izany izy ireo, saingy tsy nino an'Izany.

235 Nidina Andriamanitra. Nasehony tamin'izy ireo ny Andry Afo iray. Nasehony tamin'ny alàlan'ny Mpaminaniny, ireo famantarana sy fahagagana, hoe niaraka taminy Izy. Tsy nino an'Izany izy ireo. Oh, tian'izy ireo ny mahita fahagagana. Tian'izy ireo ny mihaino an'ilay mpaminany. Saingy raha ny hoe hino an'Izany, dia tsy nataon'izy ireo. Ny fiainan'izy ireo no manaporofo fa tsy nino izy ireo.

236 "Ankehitriny," hoy Izy, "aza latsaka amin'ny tsi-finoana tahaka an'izany koa ianareo." Fa amin'izao andro farany izao, ho an'ilay fiangonana Jentilisa, dia niseho indray Andriamanitra; famantarana iray ihany, fahagagana iray ihany, Andry Afo iray ihany, voamarina, voaporofo. Aoka isika tsy hanamafy ny

fontsika ka ho latsaka ao amin'io fakam-panahy tany aoriana tany io, an'ny tsi-finoana, satria ho lò eto an-tany isika ary ho izay ihany ny amin'izany.

237 Ary rehefa mandondòna eo amin'ny fonareo ny Fanahy Masina, [Mandondòna ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] "Fotoana ela be taty aoriana, rehefa mandre Ny Feoko ianareo, dia aza manamafy ny fonareo." Hoy Izy, "Ry Zanako, ity no Fahamarinana." Aza mijery an'ilay iraka. Henoy ny Hafatra. Minoa an'Izany. "Aza manamafy ny fonareo, tahaka ny tamin'ny andron'ny fahasosorana."

238 Rehefa mandre Ny Feonao izy hoe, "Aza manamafy ny fonareo." Amin'izay fotoana izay dia hoy ianareo hoe, "Eny, Tompo, mino aho." Amin'izay fotoana izay dia miditra ao amin'ny Fiainana ianareo, miditra ao anatinareo ny Fanahy Masina. Maty ny fanahinareo tranainy, izay manao anareo hitsiriritra sy hankahala, ka ny lolom-po sy ny fifandrafesana, ary—ary ny fankahalana sy ireo zavatra rehetra ireo, dia maty. Ary lasa feno fitiavana ianareo, fifaliana, fiadanana, fitsaharana. Tsy mampaninona na toy ny ahoana no fitsokan'ny rivotra, mety tsara daholo izany.

Mihazona ao anatin'ilay voaly ny vatofantsiko.
Manerana ny tafio-drivotra sy rivo-mahery rehetra,
Mihazona ao anatin'ilay voaly ny vatofantsiko.

Satria eo amin'i Kristy, ilay Vatolampy mafy, no ijoroako;
Fasika miletsy ny tany hafa rehetra.

239 Eo ianareo izao. Eddie Perronet, raha nanoratra an'io hira malaza io izy. "Ny tany hafa rehetra," ireo anaram-piangonana rehetra, ireo fanekem-pinoana rehetra, ireo foto-pampianarana rehetra, dia hanjavona. Kristy!

Hoy ianareo hoe, "Eny, mahafantatra ny Baiboly aho." Tsy manana Fiainana amin'ny alàlan'ny fahafantarana ny Baiboly ianareo.

"Mahafantatra ny katesiziko aho." Tsy manana Fiainana amin'ny alàlan'ny fahafantarana ny katesizinareo ianareo.

"Eny, Kristiana iray aho." Tsy manana Fiainana amin'ny alàlan'ny filazana ny Kristianisma ianareo.

240 Manana Fiainana amin'ny alàlan'ny fahafantarana Azy ianareo. Ny mahafantatra Azy, no anananareo Fiainana. "Amin'izay fotoana izay dia miditra ao amin'Ny Fitsaharany ianareo. Mitsahatra amin'ny asanareo ianareo, tahaka an'Andriamanitra tamin'ny Azy." Lasa zanak'Andriamanitra iray ianareo, mpandray anjara amin'Andriamanitra. Ary raha io—raha mila fitia aminareo io Fanahy Masina io, dia mamaly fitia ianareo ka manao hoe, "Eny, Tompo," na mibakobako.

241 Mibakobako hoe, "Mankanesa aty Amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana. Izaho no hanome anareo Fitsaharana."

242 Dia hoy ianareo hoe, "Ah, tanora aho. Izaho tokony . . . Oh, ny pasiterako tsy . . . Ny tokony hataoko fotsiny . . . " Hitanareo? Tsy hahita Azy mihitsy ianareo.

243 Fa rehefa hoy ianareo hoe, "Eny, ry Tompoko. Reko Ny Feonao. Tsy manamafy ny foko aho. Tsy ahoako, Tompo, Izany no Teninao ary mino Anao aho. Raiso aho Jesosy. 'Arak'izay maha-izy ahy fotsiny, tsy misy fiangaviana, afa-tsy Ny Ràna izay nalatsaka ho ahy. Ary indro aho hampanantena hoe, "Hino aho." O ry Zanak'ondrin'Andriamanitra, inty aho.'" Apetraho eo ambonin'ny Lohany eo am-pahafatesana ny tànanareo, manaova hoe, "Tompo, mpanota iray aho, fa Ianao no niantso ahy."

244 "Izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona Ahy, ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany."

245 "Eny, Tompo, inty aho. Tsy manamafy ny foko aho, tahaka ny nataon'izy ireo tamin'ny fahasosorana, mino marina tokoa aho."

246 Amin'izay fotoana izay dia inona no Ataony? Manome anareo Ny Fiainany Izy, *Zoe*, Fiainana Mandrakizay. Ary raha afaka nanangana antsika avy tamin'ny vovoky ny tany Andriamanitra, izay nihaviantsika . . . Avy tamin'ny vovoka ve isika? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ny zavatra rehetra izay hitanareo, dia avy tamin'ny vovoka. Ary raha afaka nanao ahy amin'izay maha-izy ahy androany Andriamanitra, tsy nanana safidy iray; satria ny Faniriany fotsiny dia ny hanao ahy, sy nanome ahy ny fanararaotra hiatrika an'i Kalvary ka handray ny fanapahan-kevitro; ary nandray ny fanapahan-kevitro aho ka nino Azy; dia tsy mihoatra noho izany ve no Hananganany ahy! Raha nanao ahy amin'izay maha-izy ahy Izy, tsy nisy safidy iray, avy eo dia naka safidy iray aho ka nampiditra Azy; rehefa nametraka ny Tànany tamin'ny alàlan'ny Tenany Izy, ary nianiana tamin'ny Tenany, fa hanangana ahy Izy amin'ny andro farany. Hanana antoka hitsahatra aho.

247 Manana Fitsaharana aho, tsy hoe satria mivavaka Alahady aho, tsy hoe satria mivavaka aho amin'ny sabata. Tsy misy idiran'izany amin'io. Mivavaka aho satria niditra tao amin'ny Fiadanany sy Fitsaharany aho: fiadanana, fitsaharana, fitiavana, fifaliana. Avelao hitroatra ireo tafio-drivotra; mihazona ny vatofantsiko.

248 Manana an'izany fahatsapana izany ve ianareo, izao hariva izao, ry sakaizako izay mipetraka ato amin'ity tabernakla mafana ity? Tsy tonga hihaino ahy ianareo. Tsia. Tonga hihaino ny Teny ianareo. Henoy, ry sakaizako.

249 Ankehitriny raha tsy manana an'io Fitsaharana io ianareo, dia afaka mahita an'Izany ianareo izao ankehitriny izao. Tsy voatery hanatona eto amin'ny alitara eto ianareo. Mipetraha

tsara eo amin'izay misy anareo. Aoka ho tso-po, ka manaova hoe, "Kristy, mitenena fotsiny amin'ny foko. Fantatro fa mafana ny andro. Izaho dia—mandroatra tanteraka mihitsy aho, tsemboka. Mampahatahotra aho. Saingy, Tompo, marina tokoa, mety ho tsemboka miaraka amin'ny fanaintainana aho, ratsy lavitra noho izao, alohan'ny rahampitso maraina."

Ary mety hanozongozona ny lohany ilay dokotera, hanao hoe, "Aretim-po iray ilay izy. Lasa izy." Amin'izay dia ho inona?

250 Ho inona amin'izay? Rehefa misokatra ilay Boky lehibe, ho inona amin'izay? Efa renareo ilay hira hoe, *Ho Inona Amin'Izay?* "Rehefa ireo izay nandà ny Hafatra, no hangatahana mba hanome antony iray, ho inona amin'izay?" Ho inona amin'izay? Eritrereto izany ankehitriny, tena lalina mihitsy.

251 Raha manondrika ny lohantsika isika, dia eritrereto izany.

Rehefa ilay nandà an'ity Hafatra ity izao hariva izao,
No hangatahana mba hanome antony iray, ho inona amin'izay?

Ho inona amin'izay? Ho inona amin'izay?
Rehefa misokatra ilay Boky lehibe, ho inona amin'izay?
Rehefa ireo izay nandà an'ity Hafatra ity izao hariva izao,
Hangatahana ianareo hanome antony iray, ho inona amin'izay?

252 Ray any An-danitra, eo an-Tànanao izany rehetra izany ankehitriny. Indro ny Sabata marina mipetraka eo anatrehan'ny olona. Indro ilay Anjelin'Andriamanitra, ho an'ireo taona vitsy farany, fa nampaneno mafy nanerana an'izao tontolo izao. Ireo fanakianana sy ny zavatra hafa rehetra dia, niezaka ny hanameloka an'Izany. Saingy, isan'andro, dia manaporofo ny Tenanao ho Andriamanitra Ianao.

253 Ny tontolo siantifika, ny tontolom-piangonana; jamba ve izy ireo, Tompo? Angamba hisy anankiray ato izay te-hahazo ny fahitany, mba hanohy handeha, ka tsy haka fanahy an'Andriamanitra, tahaka ny tamin'ny andron'ny fahasosorana; tsy hanandrana haka fanahy Azy, amin'ny hoe ho tsara amin'ny Alahady, na hitandrina andro anankiray, na amin'ny fanekem-pinoana anankiray, na hikambana amin'ny fiangonana anankiray. Fa te-hivoaka ka hoforaina, amin'ny fo, ary handray ny Fanahy Masina. Ary mila Azy izy ireo. Amin'ny finoana ankehitriny, no ezahan'izy ireo hanaiky Azy ao am-pony. Miezaka ny hahita fitia Aminao izy ireo, Tompo.

254 Oh, mety niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo. Mety nihiakiaka izy ireo. Mbola manana an'ilay fahatezerana tranainy iray ihany foana izy ireo. Mbola manana an'ilay lolom-po tranainy iray ihany foana izy ireo. Mbola mitakoritsika sy

miresaka foana izy ireo, ary manao an'ireo zavatra izay tsy tokony hataony. Tsy mila an'izany izy ireo, Tompo. Ho inona amin'izay, rehefa misokatra ilay Boky lehibe, izay nanao hoe, "Tsy hiditra ao amin'ny Fanjakana izy ireo"? "Fa aoka ho tanteraka ianareo, tahaka ny Rainareo izay any An-danitra izay tanteraka." Ny zavatra rehetra izay tsy tanteraka dia tsy hiditra. Matoky tanteraka ve izy ireo, izao hariva izao, an'ilay voahombo? Raha tsy izany, Tompo, dia enga anie izy ireo hanao an'ilay "eny" Mandrakizay iray izao ankehitriny izao.

255 Manaova hoe, "Tompo, izaho . . . Tsy fientanam-po, fa mahatsapa Zavatra fotsiny aho ato anatin'ny foko ato, io Zavatra io dia miteny amiko hoe, 'Afaka manao an'izany aho izao ankehitriny izao, nohon'ny Fahasoavanao.' Ary manaiky Anao ho Mpamonjiko manokana aho ankehitriny. Izaho dia—mandà ny zavatr'izao tontolo izao rehetra aho, ary te-hiditra ao amin'Ny Fitsaharanao. Ary mino aho fa manao an'izany aho izao ankehitriny izao. Mino aho fa ny Fanahy Masina no mampiditra ahy ao amin'io toerana io."

256 Raha mbola miondrika ny loha rehetra. Misy olona iray mahatsapa tahaka an'izany ve izao ankehitriny izao? Atsangano ny tànanareo hoe, "Ny Fanahy Masina ankehitriny no mitondra ahy ao amin'ny toerana iray izay tsy hitakoritsihako intsony." Andriamanitra hitahy anareo. "Tsy hanao an'ireo zavatra ireo intsony aho. Lasa ny fahatezerako. Afaka miaina amin'ny fiadanana sy fifaliana ary fahari-po aho, manomboka izao ankehitriny izao. Mino aho fa miteny amiko Andriamanitra izao ankehitriny izao, hoe afaka manao an'izany aho manomboka amin'ity ora ity, nohon'ny Fahasoavany." Hanangana ny tànanareo ve ianareo? Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy an'ilay vehivavy tanora. Olon-kafa iray? "Mino aho ankehitriny."

257 Aza maka fanahy Azy, tahaka ny tamin'ny andron'ny fahasosorana. Aza mihevitra hoe satria mandeha any ampiangonana izahay ny Alahady, na mitandrina ny sabata. Hoy i Paoly hoe, "Ianareo izay mitandrina andro na volana, na ny sisa, matahotra ny aminareo aho. Ny lalàna izay manana ny alok'ireo zavatra tsara izay ho avy, fa tsy ilay tena endrik'ilay zavatra, dia tsy afaka hanao an'ilay mpivavaka ho tanteraka mihitsy." Fa Kristy no manao anareo ho tanteraka, tanteraka eo imason'Andriamanitra. Izy no manaisotra ny fahotanareo, manaisotra ny fanamelohana aminareo, manome anareo ny Fitiavany sy ny fifaliany.

258 Hiditra ao amin'ny Fitsaharana ve ianareo ankehitriny? Aoka hanangana ny tànany ny olon-kafa iray, hanao hoe, "Efa nataoko izany." Andriamanitra hitahy anao, ry vehivavy tanora, eto amin'ny ankaviako eto. Andriamanitra hitahy an'ilay lehilahy mipetraka eto amin'ny ankavanako. Miditra ao amin'Ny Fitsaharany, eritrereto izany izao ankehitriny izao.

259 Mivavaha hoe, “Arak’izay maha-izy ahy fotsiny, Tompo, tsy misy fiangaviana iray; tsy tsara aho. Tsy misy na inona na inona azoko atolotra Anao, afa-tsy ny fiainako tranainy fotsiny, torotoro tanteraka, mpanota. Handray ahy ve Ianao? Hanadio? Hanamaivana? Satria, efa nampanantena aho fa hino. O ry Zanak’ondrin’Andriamanitra, inty aho. Inty aho ankehitriny, mino fa efa tafafindra avy tamin’ny fahafatesana ho amin’ny Fiainana aho ankehitriny. Satria, eto amin’ny sezako eto mihitsy, no nanekeko Anao ho Mpamonjiko ka mahatsapa fiadanana aho ao am-poko.”

260 Dimy no nanangana ny tànany. Hisy anankiray hafa ve, izay mahatsapa tahaka an’izany, hanangana ny tànanareo? Raha tsy Kristiana iray ianareo, dia maneke Azy izao ankehitriny izao.

261 Raha milaza ho Kristiana iray ianareo nefa tsy izany karazany izany, dia mbola mpanota iray foana ianareo, tsy mampaninona na fiainana inona no—no nataonareo, na toy ny ahoana no ezahanareo hanao ny tenanareo. Tsy izay ataonareo no ekena. Ilay izy dia izay Nataony. Tsy ho ekena ny fahamarinanareo manokana. Raha nijanona tsy nifoka ianareo satria hoy ianareo hoe, “Eny, tsaratsara kokoa ho ahy ny mijanona tsy mifoka satria fotsiny hoe milaza ny Kristianisma aho.” Tsy manaiky an’izany Andriamanitra. Raha mijanona tsy mitsiriritra vehivavy ianareo, satria fotsiny hoe ianareo no manao ny tenanareo hanao an’izany, dia tsy manaiky an’izany Andriamanitra. Izany dia zavatra izay ataonareo. Izany ireo asa. Fahasoavana no mamonjy anareo. Nanatona anareo ve Andriamanitra ka nanala an’ilay zavatra manontolo taminareo? Izany ilay zavatra manaraka.

262 Hoy ianareo hoe, “Nikambana tamin’ny fiangonana aho, ka noho izany dia tsy maintsy nijanona tamin’ireo zavatra ireo aho.” Tsy nanaiky an’izany Andriamanitra, tsy misy na inona na inona azonareo atolotra. Izay nomen’i Kristy irery ihany no Ekeny. Manome anareo ny Fiainana Mandrakizay Izy, ary manala an’izany aminareo. Handray an’Izany ve ianareo?

> . . .eo amin’ny tafio-drivotra, ranomasina masiaka,
> Avia, ampifikiro eo amin’ny seranan’ny Fitsaharana ny fanahinareo,
> Ka manaova hoe, “Ahy ny malalako.”
>
> Nampifikitra ny fanahiko aho. . .

Eny àry, afaka mampakatra ny lohanareo ianareo. Tapitra ny hafatra ankehitriny. Ndao isika hanompo fotsiny ankehitriny.

> Tsy hisosa eo amin’ilay ranomasina masiaka intsony aho;
> Mety mitroatra eo amin’ilay tafio-drivotra masiaka, lalina ny rivo-doza,
> Voaaro mandrakizay ao amin’i Jesosy aho.

263 Ny tsirairay ankehitriny, ao amin'ny fanompoana.

Nampifikitra ny fanahiko eo amin'ny seranan'ny Fitsaharana aho, (Sabata)
Tsy hisosa eo amin'ilay ranomasina masiaka intsony aho;
Mety mitroatra eo amin'ilay tafio-drivotra masiaka, lalina ny rivo-doza,
Voaaro mandrakizay ao amin'i Jesosy aho.

Mamiràta eo amiko, . . .

Avelao hivotsotra fotsiny ny tenanareo. Akimpio ny masonareo. Tsapanareo ve io Fanahy mamy io? Izany no fanompoana. Tapitra ny hafatra. Izao no fanompoana.

Aoka hamiratra eo amiko ny Hazavana avy amin'ilay tranon-jiro,
O mamiràta eo amiko, O Tompo, mamiràta eo amiko,
O aoka hamiratra eo amiko ny Hazavana avy amin'ilay tranon-jiro.

264 Firy no mahatsapa ho tena tsara? Atsangano ny tànanareo. Io fanahy mamy, manetry tena io, Izany ilay izy.

Hitovy amin'i Jesosy, hitovy amin'i Jesosy fotsiny,
Eto an-tany dia maniry fatratra ny hitovy Aminy aho;
Mandritry ny diam-piainana rehetra manomboka eto an-tany ka hatrany amin'ny Voninahitra,
No angatahiko fotsiny ny hitovy . . .

Manompoa fotsiny.

Hebreo, Toko Fahefatra MAG57-0901E
(Hebrews, Chapter Four)
Andian'Ny Bokin'Ny Hebreo

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady hariva, 1 Septambra 1957, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org